HEBREO, TOKO FAHENINA 3

Manao ahoana, ry sakaiza. Tombontsoa iray ny tonga eto. Ary—ary ny fanatanterahana an'izany fampidirana lehibe avy amin'ny pasiterantsika izany dia hila tena fiainana iray tokoa, sa tsy izany? Noho izany dia manolotra ny dera ho an'ny Tompo isika ny amin'ny Herim-panasitranany lehibe sy ny Famindrampony izay Nomeny antsika nandritr'ireo taona.

Ankehitriny dia manana filazana vitsy hatao aho. Ny anankiray, izahay, Rahalahy Wood sy Rahalahy Roberson, ary izahay dia te-hisaotra anareo rehetra nohon'ny fivavahana ho anay, nohon'ny dia voaaro. Nanana fotoana nahafinaritra izahay; nandeha efatra andro sy tapany fotsiny, mino aho, ary niverina indray voaaro. Nitahy anay ny Tompo.

506 Ankehitriny, milaza izahay fa ny Rahalahy Graham Snelling, ny fifohazany, dia mitohy, any amin'ny—ny faran'ny Avenue Brigham, any amin'ny . . . eto amin'ny tanàna eto. Ary amin'io Alarobia hariva ho avy io . . . Te-handeha any aho rahampitso, aorian'ny fotoam-pandevenana ho an'ny anankiray izay ho lazaiko afaka fotoana fohy. Hampahafantatra anareo izahay amin'ny Alarobia hariva. Te-handeha ao anatin'ny delegasiona iray izahay, rehetra, hamangy an-dRahalahy Graham alohan'ny hamaranany ny fivoriany any. Ary hiezaka izahay ny hanao ny fiangonana manontolo hiaraka, raha azonay atao, ka handeha toy ny delegasiona iray hihaona, hiaraka amin-dRahalahy Graham ao amin'ny iray amin'ireo fivoriany.

507 Ary, ankehitriny, izao tolakandro izao any—any amin'ilay toeran'ny mpikarakara faty any Charlestown, dia misy ny—ny Rtoa. Colvin iray, izay tonga teto amin'ny fiangonana fahiny taona maro lasa izay, efatra amby fitopolo taona, nandao an'ity fiainana ity omaly mba handeha hiaraka amin'ny Tompo Jesosy. Ary ny fotoam-pandevenana azy dia ho toriana ny Alatsinainy, araka an'i Revera Atoa. McKinney, izay taloha, tany aloha, dia pasiteran'ny fiangonana Metodista tany—tany Port Fulton nandritry ny taona maro, izay sakaizan'izy ireo manokana. Ary tokony hanampy azy aho, ny Alatsinainy, amin'ny, mino aho fa amin'ny iray sy sasany ilay izy, any amin'ny—any amin'ny trano fivavahana kely any Charlestown, Indiana. Ary ianareo sakaizan'ny fianakaviana Colvin rehetra dia, fantatro, dia hankasitraka fankaherezana kely iray fotsiny ankehitriny na ho . . . fandraisan-tànana kely. Satria isika rehetra dia mahafantatra hoe inona izany, isika izay efa nandalo tamin'ireo, tao amin'ireo lohasaha, ny tenantsika, ka mahafantatra hoe inona no dikan'ny mahavery sakaiza iray. Ary noho izany isika . . . Izy dia mandry ao amin'ilay—ao amin'ilay trano fivavahana kely ankehitriny, any Charlestown, Indiana.

Raha mandeha any ianareo izao tolakandro izao, nahoana, dia ho ankasitrahan'ny fianakaviana Colvin izany, azoko antoka. Maro amin'ireo havany no mbola tonga eto amin'ny tabernakla. Izaho dia efa nanao ny fanambadiana, nandevina, nanao batisa, tena saiky, ny fianakaviany, rehetra. Ary noho izany Atoa. Grayson, izay mpiara-monina taminay teto mihitsy taloha, no mpikarakara faty any.

508 Ary noho izany ity, rahariva, raha sitraky ny Tompo, eo amin'izay hijanonantsika izao maraina izao, dia ezahantsika ho raisina rahariva, ao amin'ity fianarana lehibe izay ianarantsika ankehitriny ity. Ary noho izany dia heveriko fa izay ireo filazana, arak'izay—araka ny—fantatro. Ary amin'io Alarobia hariva ho avy io, ankehitriny, no hilazanay ny hariva izay handehananay any miaraka amin-dRahalahy Graham.

509 Ary miarahaba an'ireo vahiny rehetra ao amin'ny vavahadinay izahay. Ary faly izahay manana anareo eto izao maraina izao, ary mivavaka mba hitahian'Andriamanitra mihoatra, betsaka, anareo androany ho an'ity fivoriana ity.

510 Vao avy niteny tamiko Rahalahy Cox fa ireo fitaovana fampitam-peo dia tsy nandeha tsara loatra amin'izao fotoana izao. Ilay izy angamba, angamba araka ny toetr'andro, be hamandoana ao amin'ireo famoaham-peo. Ary tsy tsara loatra izy ireo, eo am-panombohana, koa mety ho izany ilay antony.

511 Satria mahita anabavy iray aho mipetraka eto izay fantatro, Ranabavy Arganbright, izaho . . . Tsy tsara izao ary—ary tsy fanajana, ny manontany an'izao, fa efa nandre ny amin-dRahalahy Arganbright ve ianao hatramin'ny naha-tany azy? Tena liana handre ny aminy aho haingana arak'izay vitantsika. Any Soisa sy Alemaina izy, ao amin'ny fivoriana iray any miaraka amin-dRahalahy Tommy Hicks sy Paul Cain. Raha mba mandre ianao, Ranabavy Ruth, dia ampahafantaro avy hatrany aho, haingana mihitsy arak'izay vitanao.

512 Ankehitriny, ity tabernakla kely ity dia tsy manana mpikambana, saingy manana fiombonana isika. Tsy manana fanekem-pinoana afa-tsy Kristy isika, tsy manana lalàna afa-tsy ny fitiavana, tsy manana boky afa-tsy ny Baiboly. Izany ihany no Boky tokana izay fantatsika, ary ny zavatra tokana izay fantatsika, izay ananantsika. Satria ny Ràn'i Jesosy Kristy no manadio antsika amin'ny fahotana rehetra, dia manana fiombonana amin'ny hafa isika, ny olona rehetra.

513 Nahamarika aho, izao maraina izao, ho an'ny sasany aminareo olona izay mety nandre an'ilay rahalahy izay nivavaka. Katolika iray izany, noho izany, na Katolika iray taloha. Ary manana an'ireo karazan'olona rehetra isika tonga eto. Nanana an'ilay tombontsoa fotsiny aho, fotoana vitsy lasa izay, nandray ny tànan'ny rahalahy Mennonite iray izay mipetraka eto. Ary avy amin'ireo Mennonite, avy amin'ireo Metodista, avy amin'ireo

Batista, sy ny Katolika, na iza na iza maniry, dia aoka izy ireo ho avy. Ary miombona miaraka manodidina an'ireo fitahian'ny Tenin'Andriamanitra isika. Mipetraka manatrika eto dia misy Vavolombelon'i Jehovah sy karazan'olona samihafa, noho izany, avy amin'ireo anaram-piangonana samihafa.

514 Tiako taloha (eny, mbola tiako foana) ny Andrefana. Tiako ireo soavaly sy biby fiompy. Notezaina tao amin'ny toeram-piompiana iray mihitsy aho, ary izaho—tiako izany. Ary nanao fanangonana izahay taloha, ary nandeha niaraka tamin'izy ireo aho. Ary nanana fefy famoriana iray izahay. Tsy fantatro raha fantatrareo vahoaka Tatsinanana hoe inona ny fefy famoriana iray, na tsia. Izany dia rehefa mametraka ny biby fiompy ianareo ao anatin'ny—ny ala, dia manana fefy iray izy ireo hanakana azy ireo tsy hirona arak'izay nantsoin'izy ireo, hiverina hidina hankany amin'ireo valam-biby. Nihinana ny ahitra izy ireo, eo amin'izay nampanirian'izy ireo ny ahitra ho an'ny sakafo amin'ny ririnina. Ary avy eo any ambonin'ny tendrombohitra, dia manana fefy famoriana ihany koa izy ireo, izay anavahan'izy ireo vavy sy lahy betsaka, sy ny sisa. Izany dia nantsoina hoe fefy famoriana iray. Fa ny tena fefy famoriana dia izay ijoroan'ilay mpiandry vala rehefa mandalo ny biby fiompy.

515 Ary ankehitriny dia nipetraka aho tany, matetika, teo ambonin'ny laseliko, ka nandinika azy ireo raha nandalo ny biby fiompy. Nisy ireo karazana marika samihafa rehetra niditra. Nisy ny sasany nantsoina hoe ny "Diamondra." Ary ny sasany tamin'izy ireo nantsoina hoe ny "Bar X." Ary ny sasany . . . Ny anay dia ny "Tripod," zavatra tahaka ny mari-pamantaran'ny Boy Scout iray. Ilay lehilahy manaraka, teo ambanin'izany, dia ny "Turkey Track," teo amin'ilay soavaly. Ary nanana an'ireo karazana marika rehetra izy ireo, mba—mba ahafantarana ny biby fiompiny rehefa mitondra azy ireo hivoaka izy ireo.

516 Ankehitriny, ilay mpiandry vala dia tsy liana loatra amin'ny hoe inona no marika ananan'izy ireo, fa ity ilay izy, liana amin'ny fandinihana etikety iray eo amin'ny sofin'izy ireo ilay mpiandry vala. Niditra tao ny zavatra rehetra, tsy mampaninona na marika inona ilay izy, tsy maintsy taranaka madio Hereford iray ilay izy. Tsy afaka miditra ao izy raha tsy Hereford iray. Tsy maintsy biby voasoratra ilay izy fa raha tsy izany dia tsy afaka mandalo.

517 Mieritreritra aho, amin'ilay andro izay ahatongavan'ny Tompo, dia tsy hiraharaha an'izay marika entintsika Izy, afa-tsy ny hoe raha Kristiana nateraka indray isika rehetra. Marina izany. Izany no biby fiompin'i Kristy. Ny fitsapan-dRà no hanaporofo antsika, hoe Kristiana isika rehetra. Ary raha ho tahaka an'izany isika *any*, dia tokony ho izany isika eto. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? Tahaka an'izany ilay izy, mankasitraka ny fiombonana rehetra avy amin'ny karazam-piangonana rehetra isika.

518 Ankehitriny dia mianatra ao amin'ity Bokin'ny Hebreo voatahy ity isika. Nankasitraka an'izany betsaka tokoa ny rahalahy anankiray hany ka naka an'ireo horonam-peo izy ary manao boky famaky iray eo amin'ity.

519 Ankehitriny isika dia ho tonga, tena tsy ho ela, eo amin'ny toko faha-11. Manantena ny handany ny ririnina eo amin'izany isika, eo amin'ny toko faha-11. Ho an'ny tsirairay avy amin'ireo olona ireo, dia maniry isika ny hiverina manerana an'ilay Boky ka hamatotra ny Soratra manontolo miaraka. Efa saika hanao an'izany aho. Manao amin'ny ampahany aho, eo amin'ny sasany amin'ity, an'ireo toko teo aloha, mba hanao an'ilay Boky manontolo hifatotra miaraka. Satria, hitanareo, ny Soratra dia tsy maintsy manaporofo ny Soratra.

520 Noho izany, raha misy fifanoherana iray, ka hihevitra ny olona anankiray fa mifanohitra ireo Soratra, dia fahadisoana iray izany. Tsy misy Soratra manohitra Soratra iray. Ny—ny fifanoherana dia angamba eo amin'izay Anoherany ny fomba fijerintsika Azy, saingy tsy manohitra ny Tenany Izany. Efa tao amin'ny asam-panompoana aho, efa ho enina amby roapolo taona ankehitriny, fa tsy mbola nahita mihitsy aho, indray mandeha, zavatra anankiray ao amin'ny Baiboly izay manohitra zavatra hafa izay voasoratra tao anatin'ny Baiboly. Ary izaho—fantatro mihitsy ankehitriny fa tsy ao izany.

521 Ary androany isika dia mianatra ao amin'ny iray amin'ireo toko voatahy indrindra an'ny Hebreo, ny toko faha-7. Ary raha misy olona tsy manana Baiboly iray, ka te-hanaraka anay ao amin'ny famakiana, dia ho faly izahay ny hitondra Baiboly ho anareo raha hanangana ny tànanareo fotsiny ianareo. Haka ny sasany amin'ireo loholona aho, olona iray, ho tonga eto ka haka sasantsasany. Misy olona manangana ny tànany ery aoriana ery. Ary misaotra anao, rahalahy. Koa raha mila Baiboly iray ianareo, dia atsangano fotsiny ny tànanareo, fa hitondra an'izany ho anareo izy ireo.

522 Ankehitriny, ny fomba tokana izay ahafahan'ny fiangonana hiorina, ny fomba tokana izay ahafahan'ny olona iray hanana Finoana, dia tsy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonany, tsy amin'ny alàlan'ny fikambanany. Fa ny Finoany dia tsy mipetraka eo ambonin'ny teolojian'ny hevitry ny olona iray, satria izany dia, na ahoana na ahoana, olona daholo. Fa ny fomba tokana azon'ny Finoana ahitana fa izany no toeram-pitsaharana masina, dia eo amin'ny Tenin'Andriamanitra tsy mihetsika sy tsy miova. "Ny Finoana dia avy amin'ny fandrenesana, fandrenesana ny Teny." Tahaka an'izany no ifaharany. Ary—ary rehefa re sy ekena ny Finoana, dia milamina mandrakizay izany. Tsy misy hany afaka hanetsika azy intsony, tsy mampaninona izay tonga sy mandeha. Tsy misy na inona na inona hany afaka hanova an'izany Finoana izany. Eritrereto izany. Mifahatra ianareo, ka tsy miova intsony, ho an'ny

fotoana sy ny Mandrakizay. Mifahatra mandrakizay ianareo, "Fa Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fanatitra iray, dia nahatanteraka mandrakizay an'ireo izay nohamasinina, na nantsoina."

523 Ary ny Finoana dia manana an'izany toerana lehibe iray izany ao amin'ny Kristiana, ny fiainan'ny mpino, ka afaka maka ny toerany eo anilan'ny fasana misy fotaka iray na eo amin'ny vatam-paty iray izy, izay misy zazakely sarobidy iray na malala iray izay tafafindra avy tamin'ity fiainana ity ho amin'ny any ankoatra. Ary miaraka amin'ny fijery sarotiny iray an'ny masom-boromahery, dia afaka mijery Azy izay nanao hoe, "Izaho no Fitsanganana sy ny Fiainana." Ary adinon'izy ireo ny zavatra izay tany amin'ny lasa. Mandroso mankany amin'ilay mariky ny antso avy any ambony izy ireo.

524 Tena faly aho fa Andriamanitra no efa nanomana an'izany, ary efa nanao an'izany ho fanomezana maimaim-poana ho an'ny rehetra. Tokony ho izany ireo fiangonana. *Fiangonana* dia tsy midika hoe anaram-piangonana na rafi-pandaminana; izany dia midika hoe, "Vondron'olona, an'ireo mpino, izay miangona miaraka eo ambanin'ny fiombonan'ny Teny."

525 Ary ao amin'ity fampianarana mahafinaritra an'i Masindahy Paoly eto ity, ao amin'ireo fototra, ao amin'ireo toko teo aloha, dia niresaka manokana ny amin'ny maha-Andriamanitra faratampony an'ny Tompo Jesosy izy sy hoe iza Izy. Kristy dia Andriamanitra, natao mba ahafahan'ny olona hahatsapa Azy sy hikasika Azy, ary—ary hiombona Aminy. Kristy, ny Tompo Jesosy, dia ilay vatana izay nonenan'Andriamanitra, "Andriamanitra dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Timoty Voalohany 3:16, "Iaraha-manaiky fa lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, fa Andriamanitra dia voaseho tao amin'ny nofo."

526 Nidina ilay Jehovah lehibe ka lasa azo kasihana, tamin'ny fahavelomana tao anatin'ny vatan'Ny Zanany Manokana, nanambara sy nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany. Andriamanitra dia tsy inona . . . Kristy dia tsy inona afa-tsy Andriamanitra, ary—ary Andriamanitra dia tsy inona afa-tsy Kristy. Ireo roa miaraka no nanao an'ilay maha-Andriamanitra ara-batana, natao ambany kely noho ny Anjely, mba Ahafahany mijaly. Tsy afaka mijaly ny Anjely. Jesosy dia Tabernakely izay nonenan'Andriamanitra.

527 Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny toko faha-7-n'ny Asan'ny Apostoly, hoe, "Ireo tabernakely, ireo dorana- . . . fanatitra sy fanatitra dorana tsy Sitrakao, fa vatana iray no Nomaninao ho Ahy. Kanefa ny Avo Indrindra dia tsy monina ao anatin'ny tabernakely nataon-tànana, fa vatana iray no Nomaninao ho Ahy," mba hitoetra na honina ao amin'ny fiombonana miaraka amin'ny olona.

528 Raha avelan'Andriamanitra, vantany vao mahavita an'ity toko eto ity isika, na mahavita an'ity Boky ity, dia tiantsika ny hiverina ka haka ny Bokin'i Rota ka haneho ao anatin'izany hoe ahoana no nahalasa an'Andriamanitra ho havana ho antsika, mba hampihavana ny very hiverina amin'ny Tenany amin'ny alàlan'ny fiombonana ka lasa ho isantsika. Tsy maintsy ho havana ilay Mpanavotra, ary ny fomba tokana izay ahafahan'Andriamanitra ho lasa havana ho antsika, dia ny lasa ho isantsika. Noho izany, tsy afaka ho lasa Anjely iray Izy ka ho havana ho an'ny olona.

529 Omaly hariva rehefa niresaka tamin'ilay zanaka torotoro fo aho, ny mpiara-miasa amiko, ny amin'ilay reny izay maty, dia hoy izy, "Oh Rahalahy Bill, heveriko fa Anjely iray izy izao hariva izao."

530 Hoy aho hoe, "Tsia, ry Earl. Tsy ho Anjely iray mihitsy izy. Vehivavy iray izy, izao hariva izao, araka ny nanaovan'Andriamanitra azy mihitsy, ary ho izany foana, tsy ho Anjely iray mihitsy." Andriamanitra no nanao an'ireo Anjely. Tsy nanao ny olona ho lasa Anjely mihitsy Izy. Izy no nanao an'ireo Anjely *sy* ny olona. Noho izany dia tsy ho Anjely mihitsy ny olona, ary ireo Anjely tsy ho olona mihitsy. Samihafa no nanaovan'Andriamanitra azy ireo.

531 Ankehitriny, ary amin'ny maha-lasa nofo an'i Kristy mba hanavotra hivoaka avy ao amin'io ankoatra izay nahalavo ny olona io, sy nidinan'io tsi-fahamendrehana tamin'ny alàlan'ny fahotana io, dia nidina Andriamanitra ka naka endriky ny vatan'olona iray, ary lasa havana ho antsika, mba Ahafahany mitondra ny fahotantsika sy ny fahafatesantsika.

532 Ary tao amin'ny iray tamin'ireo kisarisary nomentsika, tao amin'ireo lesona teo aloha; foto-kevitra kely fotsiny mba hahazoan'ireo vao tonga. Andriamanitra, teny amin'ny Làlany nankany Kalvary, raha teo Aminy ilay fanindronan'ny fahafatesana, ka nimonomonona nanodidina Azy, ary farany dia nanindrona Azy izany hany ka maty Izy. Maty Izy hany ka nijanona tsy namiratra ny masoandro. Maty Izy hany ka tsy nanome ny hazavany ny volana sy ireo kintana.

533 Saingy, ahoana fa tsy maintsy Nataony izany, mba hampifahatra an'ilay fanindronan'ny fahafatesana! Raha olona iray tsy mety maty Izy, raha efa tao anatin'ilay teofania izy, na efa tao amin'ny fanahy, dia tsy nanana fifehezana an'izany ny fahafatesana. Tsy maintsy lasa nofo ilay izy, mba Ahafahany handray ny fanindronan'ny fahafatesana. Fa rehefa ny tantely iray na bibikely iray izay manana fanindronana, vao manindrona lalina indray mandeha, dia tsy hanindrona intsony indray izy. Avelany ao anatin'ny nofo ny fanindronany. Ary izany no nahatonga an'i Kristy ho la-. . .na nahalasa an'Andriamanitra. Nonina tao anatin'ny nofo Kristy, mba

Ahafahany mampifikitra an'ilay fanindronan'ny fahafatesana teo amin'ny Nofony Manokana. Ary rehefa niala teo Aminy ny fahafatesana teo amin'ny hazo fijaliana, dia navelany ny fanindronany, tsy afaka manindrona mpino iray intsony izy. Afaka manao tabatabam-pisamonomononana iray izy, afaka manao fimonomononana iray sy fandrahonana iray izy, saingy tsy afaka manindrona. Tsy manana fanindronana izy.

534 Ilay Masindahy Paoly malaza, teo amin'ny diam-pahafatesany, dia nihiakiaka ka nanao hoe, "O ry fahafatesana, aiza ny fanindrononanao? Ary ry fasana, aiza ny fandresenao? Fa isaorana anie Andriamanitra Izay nanome antsika ny fandresena tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika, satria nahavery ny heriny ny fahafatesana sy ny fasana."

535 Ankehitriny, noho izany, tamin'ny Alahady lasa isika dia nandray ny hoe, "Mandao an'ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy," ao amin'ny toko faha-6, no amakiantsika an'izany, "aoka isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Ary hitantsika fa ny olona amin'izao andro izao ao amin'ny fiangonana maro, hatramin'ny Branham tabernacle sy ireo hafa, dia manindry betsaka loatra eo amin'ny fianarana mikasika an'ireo abidia ny amin'i Kristy isika hoe: Izy dia Zanak'i Abrahama, Izy dia Zanak'i—i *Ranona-sy-ranona,* sy manohy miverina, ireo firazanana. Fa hoy ny Baiboly hoe, "Aoka esorintsika ireo zavatra ireo, ka handroso ho amin'ny fahatanterahana."

536 Voalohany dia tsy maintsy fantatrareo ilay foto-pampianarana, ary avy eo dia tsy maintsy fantatrareo ireo zavatra rehetra ireo; avy eo dia aoka esorintsika izy ireny, hoy izy, ny amin'ny fitsanganan'ny maty, ny fametrahan-tànana, ny batisa, ary ireo zavatra maty rehetra ny amin'Andriamanitra. Kanefa, izy ireo—tsy manana Fiainana ao aminy izy ireo. Fa ny fiangonana amin'izao andro izao dia mandeha fotsiny mankany amin'ireo zavatra ireo hoe, "Oh, mino ny maha-Andriamanitra an'i Kristy izahay." Eny. Azo antoka. "Mino ny batisan'ny rano izahay." Eny. Azo antoka. "Ny fametrahan-tànana."

537 Hoy i Paoly hoe, "Hataontsika izany rehetra izany raha avelan'Andriamanitra. Fa eo anoloan'izany rehetra izany, dia aoka esorintsika izany ankehitriny, ka handroso ho amin'ny fahatanterahana."

538 Ankehitriny, tsy afaka ny ho tanteraka amin'ny alàlan'ny rafi-pandaminana ny fiangonana. Miha-manalavitra kokoa an'Andriamanitra izy, isan'andro, na mifanalavitra kokoa amin'ny iray hafa. Manangana sakana isika, mampisaraka ny tenantsika isika, toy ny hoe tsy manana ny Finoana. Nefa avy eo rehefa avelantsika ireo abidim-pianarana, raha mandroso mankany amin'ny fahatanterahana isika, amin'izay fotoana izay dia lasa tsy dia ilaina loatra ireo zavatra kely ireo.

539 Miditra ao amin'ny fiarahana isika, ary hitantsika fa ny fomba tokana izay ahafahantsika ho tanteraka dia ny ao amin'i Kristy. Ary hitantsika amin'izay fotoana izay, amin'ny alàlan'ny fampianaran'ny Baiboly, hoe ahoana no idirana ao amin'i Kristy; tsy amin'ny alàlan'ny batisan'ny rano, tsy amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana, tsy amin'ny alàlan'ny fampianarana. "Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray ary lasa tanteraka amin'ny alàlan'ny Fijaliany." Noho izany, lasa hafa isika. Hafa ny fiheverantsika. Hafa ny fihetsitsika. Hafa ny fiainantsika. Tsy satria hoe andraikitra iray ilay izy na mikambana amin'ny fiangonana isika, fa noho "ilay fitiavana izay natondrak'Andriamanitra ao am-pontsika tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina," izay manao antsika ho teratanin'ny Fanjakan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia tsy misy anaram-piangonana na sakana ao amin'izany. Vatana lehibe anankiray isika rehetra.

540 Ankehitriny dia vonona ny hiditra ao amin'ny leson'ny maraina isika, afaka fotoana vitsy. Zavatra iray amboniny izay tiako hahatongavana eto, izany dia, hoe, Paoly no miresaka ao amin'ny Boky, an'ny faha-7, na, ny toko faha-6, hitantsika eto fa natao tanteraka isika ao amin'i Kristy. Avy eo ao amin'ny andininy faha-13-n'ny toko faha-6, foto-kevitra kely iray fotsiny.

> *Fa rehefa nanao teny fikasana tamin'i Abrahama Andriamanitra, satria tsy nisy lehibe Azony nianianana, dia nianiana tamin'ny tenany izy,*

Nianiana tamin'ny Tenany Andriamanitra, satria tsy nisy olona iray Azony nianianana.

541 Ankehitriny dia te-hiverina isika. Ndao isika handeha ao amin'ny Galatiana vetivety fotsiny. Miverena ao amin'ny Bokin'ny Galatiana, ary raiso ny Galatiana 3:16. Ary hamaky isika eto vetivety fotsiny, hoe tamin'ny inona no Nianianany.

> *Ankehitriny dia tamin'i Abrahama sy ny taranany no nanaovana ny* fampanantenana. *Izy tsy nilaza hoe, Ary ho an'ireo taranaka, toy ny hoe maro; fa toy ny anankiray, . . . ho an'*ny *taranaka, dia Kristy.*

542 Ankehitriny raha hanamarika ianareo, eo am-pamakiana tsara an'io ankehitriny, raha mamaky ianareo.

> *. . . ho an'i Abrahama sy ny taranany* (tokana) *no nanaovana an'ireo* (maro) *fampanantenana.*

543 "Abrahama sy ny Taranany." Ankehitriny, ny Taranak'i Abrahama dia anankiray, dia Kristy; ao amin'ny fanehoana mialoha, Isaka.

Fa nanana zanaka maro i Abrahama. Nanana anankiray izy talohan'ny nananany an'i Isaka, izay naneho ny fahadisoan'ny tsi-finoan'i Saraha izay nila an'i Hana hiteraka zanaka,

nihevitra fa antitra loatra izy, ary nihodina Andriamanitra ka nanao fomba hafa noho ny fomba izay efa Nampanantenainy hanaovana an'izany.

544 Saingy mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra. Tsy mampaninona na toa tsy voalanja tsara toy ny ahoana aza ilay izy, dia voaterin'ny Fampanantenany Andriamanitra. Ary nihevitra i Saraha fa afaka maka an'i Hana angamba izy, na, Hagara, raha ny marina, ny mpanompovaviny, mba hiteraka zazakely iray amin'ny alàlan'i Abrahama, ka haka an'izany izy. Ary lasa Isimaela izany, izay tsilo iray teo amin'ny nofo, nanomboka tamin'izany ka hatramin'izao. Mbola tsilo iray ao amin'ny nofo foana, satria avy teo no tonga ireo Arabo, ary efa tahaka an'izany foana izy ireo.

545 Ankehitriny, amin'ny fotoana iray izay tsy inoanareo ny Tenin'Andriamanitra mihanjahanja ka manaiky fomba hafa iray, dia ho tsilo iray ao amin'ny nofonareo izany manomboka eo. Raiso fotsiny izay nolazain'Andriamanitra. Raha Izy no nilaza an'Izany, dia izany fotsiny no Tiany lazaina. Oh, isaorana anie Ny Anarany! Raiso fotsiny Ny Teniny.

546 Tsy mampaninona izay miezaka hihodina, manao hoe, "Eny, tsy Izany marina tokoa no Tiany lazaina." Izany dia midika an'izay Lazainy, rehefa manao fampanantenana iray Andriamanitra.

547 Ankehitriny raha hanamarika tsara ianareo.

. . .Abrahama sy ny taranany no nanaovana an'ireo fampanantenana. . .

Ilay anankiray dia ny Taranaka, tokana, ary ilay hafa dia ireo fampanantenana. Misy fampanantenana mihoatra ny iray, ary olona mihoatra ny iray izay tafiditra ao amin'ny Taranak'i Abrahama. Hitanareo? Taranaka anankiray no misy, saingy olona maro avy ao amin'io Taranaka io. Hitanareo? Tsy ho an'i Abrahama irery fotsiny izy ireo, na ho an'i Isaka irery. Fa ny. . .Izany dia ho an'ny Taranak'i Abrahama rehetra. Ireo fampanantenana dia natao ho an'ny taranaka tsirairay sy ny isam-batan'olona rehetra avy amin'io Taranaka io. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

548 Noho izany, isika, satria maty ao amin'i Kristy, araka ny Soratra, dia lasa Taranak'i Abrahama isika ary mpandova araka ny teny fikasana. Tsy amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana, na mametraka an'ireo zavatra maty, sy—sy ny sisa. Fa amin'ny alàlan'ny hoe nateraky ny Fanahin'i Kristy, dia Taranak'i Abrahama isika, ary mpiara-mandova Aminy ao amin'ny Fanjakana.

549 Noho izany dia manohy isika, mba hamaky, arak'izany, lavidavitra kely fotsiny ankehitriny hoe, "Andriamanitra manao fianianana iray." Ankehitriny ny andininy faha-17-n'ny toko faha-6.

Ary amin'izany Andriamanitra, naniry betsaka kokoa . . .

Andriamanitra, naniry betsaka kokoa ny haneho *amin'ireo mpandova ny teny fikasana ny tsi-fiovan'ny sitrapony, dia nanamafy an'izany* tamin'*ny fianianana*:

550 Oh, ndao isika hijanona minitra vitsy ankehitriny. "Andriamanitra dia naniry betsaka." Tsy hoe voatery Izy, fa mba hanao an'izany ho zavatra iray azo antoka.

551 Ankehitriny, efa hitantsika fa tonga nofo Andriamanitra, nonina teo anivontsika, toy ny ahoana no Nanehoany ny Tenany tamin'izao tontolo izao. Rehefa nahita an'ilay vehivavy tao anatin'ny fijangajangana Izy, dia hoy Izy, "Izaho tsy—Izaho tsy manameloka anao. Mandehana, aza manota intsony." Rehefa nahita an'ilay marary Izy, dia nihetsika fotsiny arak'izay tokony Nihetsehana Izy, satria Andriamanitra Izy, ary Izy—nanasitrana ny marary Izy. Nanangana ny maty Izy. Namela an'ireo fahotana Izy. Tsy mampaninona na toy ny ahoana izy ireo, sy firy, ary miverin-dàlana toy ny ahoana, Navelany izy ireny, na ahoana na ahoana, raha naniry ny ho avy izy ireo ka nangataka.

552 Mariho ankehitriny. Raha nihetsika indray mandeha teo amin'ny zava-miseho anankiray Andriamanitra, ka mipoitra indray io zava-miseho iray ihany io, dia tsy maintsy mihetsika fanindroany tahaka ny Nataony tamin'ilay fotoana voalohany Izy fa raha tsy izany dia tsy marina Izy. Hitanareo? Tsy mampaninona na ratsy toy ny inona ianareo ao amin'ny fahotana, na lasa ambany toy ny ahoana ianareo, dia tsy maintsy mihetsika eo aminareo tahaka ny Nataony tamin'io vehivavy lavo io Izy fa raha tsy izany dia nihetsika diso Izy tamin'izany. Ny fitondran-tenan'Andriamanitra dia Ny Tenany, ary izay maha-izy Azy ao amin'ny Fitondran-tenany no manambara Ny Tenany.

553 Ary tahaka an'izany ianareo, ao amin'ny fitondran-tenanareo, no miteny izay maha-izy anareo. Araka ny nananantsika sy nandalovantsika, lesona iray na roa izay, ireo vahoaka Metodista dia te-hanambara hoe, "Rehefa mihiakiaka ianareo, dia nahazo Azy." Hoy ny Pentekotista hoe, "Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, dia nahazo Azy." Hoy ny Mpangovitra hoe, "Rehefa mangovitra ianareo, dia nahazo Azy," ireo Mpangovitra an'i Pennsylvanie. Nefa hitantsika fa diso izy rehetra. Ny fiainanareo no manambara Azy. Ny tenanareo no manambara an'izay maha-izy anareo. Ny olona iray dia fantatra amin'ny alàlan'ireo asany, sy na inona na inona fiainanareo.

554 Efa nandre an'ilay tantara kely ianareo hoe, "Ny fiainanareo dia tena miteny mafy, tsy afaka mandre ny teninareo aho." Noho izany na inona na inona ianareo, dia izany ianareo. Ny fiainana

izay iainanareo no maneho hoe karazana fanahy inona no ao anatinareo.

555 Ary amin'izay fotoana izay dia mety maka tahaka an'ilay zavatra diso ianareo, na, maka tahaka an'ilay zavatra marina, no tokony lazaiko. Afaka maka tahaka Kristiana iray ianareo. Saingy ho tonga, atsy ho atsy, ny fotoana iray izay hahatongavan'ny fanerena, amin'izay fotoana izay dia izany no haneho aminareo an'izay maha-izy anareo. Ny rojo iray dia matanjaka indrindra eo amin'ny fitohizany malemy indrindra.

556 Rehefa natao teo amin'ny fitsapana Kristy ilay Zanak'Andriamanitra, dia izany no naneho an'izay naha-izy Azy. Azo antoka. Rehefa atao eo amin'ny fitsapana ianareo, dia izany no hanaporofo an'izay maha-izy anareo. Ny fiainanareo no mampitaratra foana hoe inona no ao anatinareo. Atsy ho atsy, manàna antoka mba tsy ahitan'ny fahotanareo anareo intsony. Ary izany no ezahantsika lazaina.

557 Hoy Jesosy, ao amin'ny Masindahy Jaona 5:24, "Izay mihaino," tsy izay mangovitra, izay miteny, izay... "Izay mihaino Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana mihitsy; fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana."

558 Ilay izy dia ny finoanareo. Ary ny finoanareo, voaaikin'ny molotrareo, dia mampihetsika ny olona izay afaka mandre, fa ny fiainanareo dia misokatra eo anatrehan'ny rehetra. Noho izany, tsy mampaninona na impiry no iezahanareo mihetsika an'*ity* sy manao an'*ity*, tsy hety mihitsy izany. Tsy maintsy ao anatinareo ilay izy. Izany no tena ivon'ilay tantara manontolo. Ny finoanareo manokana an'i Kristy nitsangana, ho Mpamonjinareo; ary eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra Izy, mihetsika eo amin'ny toeranareo izao maraina izao, raha ianareo kosa mihetsika eo amin'ny Toerany eto ambany eto ho vavolombelona iray. Ny vavolombelona iray dia tsy maintsy mihetsika eo amin'ny toeran'olona iray, mijoro ho anareo amin'ny maha-vavolombelona iray. Ary satria ny fiainanareo dia mampitaratra eto hoe inona no fanambaranareo ao amin'i Kristy, dia mampitaratra izany any ary mampitaratra izany eto. Ary Izy any ambony any, arak'izay maha-izy Azy ho anareo, dia mampitaratra any sy eto. Noho izany ianareo dia...Amin'ny finoanareo, no namonjena anareo, ary izany irery ihany. Noho izany, ny fahatsapana, ny fientanam-po, ny fihetseham-po, ny zavatra rehetra, dia tsy manana toerana ao amin'Izany mihitsy. Ankehitriny, tsy...

559 Ankehitriny, aza mieritreritra diso, hoe tsy mino an'ireny fientanam-po ireny aho. Izany tokoa. Saingy izay misy antsika ankehitriny, ny ezahana ampianarina an'ity vahoaka an'izao andro izao ity, dia tsy fientanam-po. Ny devoly no naka

an'ireo zavatra ireo ary lasa romotra amin'ny olona, namela azy ireo hampifototra ny fitodiany Mandrakizay eo amin'ny fientanam-po iray. Mihiakiaka, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mandeha any am-piangonana isaky ny Alahady, mihetsika tahaka ny Kristiana iray, tsy hisy lanjany iray izany amin'io andro io. "Raha tsy nateraka indray ny olona." Ary ny fiainanareo no mampitaratra an'izay maha-izy anareo ao amin'ilay anaty, hitanareo, fa tsy ny fientanam-ponareo.

560 Afaka manana rà ianareo eny an-tànanareo, afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, afaka manasitrana ny marary ianareo, afaka mamindra tendrombohitra amin'ny finoanareo ianareo, fa mbola tsinontsinona foana ianareo. Korintiana Voalohany 13. Hitanareo? Ilay izy dia tsy maintsy misy zavatra iray mitranga amin'ny alàlan'ny Fahaterahana izay avy amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra no mitondra an'ilay Fahateraham-baovao ao anatinareo, sy manome anareo ampahany iray amin'ny Tenany. Amin'izay fotoana izay no misy ireo zavatra ireo. Olom-baovao ianareo. "Izaho no manome azy ireo ny Mandrakizay."

561 Efa nandalovantsika ny teny hoe "Mandrakizay." *Mandrakizay* [*Forever*] dia "elanelam-potoana iray." *Mandrakizay* [*Eternity*] dia mandrakizay [forever], mandrakizay ary mandrakizay, fa Mandrakizay [Eternity] tokana ihany no misy. Ary hitantsika fa mahazo ny Fiainana Mandrakizay ianareo, ary ilay teny ao amin'ny teny Grika dia *Zoe*, izay midika hoe "Fiainan'Andriamanitra." Ary mandray ampahan'ny Fiainan'Andriamanitra ianareo, izay manao anareo ho zanak'Andriamanitra ara-panahy, ary mandrakizay fotsiny tahaka an'Andriamanitra mandrakizay ianareo. Tsy manana fiafarana ianareo, tsy misy toerana hijanonana, satria tsy nanana toerana nanombohana ianareo. Ny zavatra rehetra izay manana fiandohana iray dia manana fiafarana iray, ary izay tsy manana fiandohana iray dia tsy manana fiafarana.

562 Toy ny ahoana no itiavantsika an'ity Teny sarobidy ity! Ahoana no tokony hiorenan'ny Kristiana ao amin'ny Finoana izay natolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina, ary tsy mihilangilana, mitety toerana, ary mikambana amin'ireo fiangonana samihafa. Ny fiangonana iray izay tianareo hikambanana dia mety tsara, raha mbola Kristiana iray foana ianareo. Fa ataovy aloha ilay zavatra voalohany, dia io Fahaterahana izay manao anareo ho havan'Andriamanitra io, tahaka an'Andriamanitra lasa havana ho anareo.

563 Lasa havana Izy, mba Ahafahany manangana anareo. Alohan'ny Ahafahany manangana anareo, dia tsy maintsy manome anareo Fiainana Mandrakizay Izy. Noho izany dia tsy maintsy lasa havana Andriamanitra, mba handray ny fahafatesana, mba hanangana anareo. Avy eo dia tsy maintsy lasa havana ianareo ho Azy, mba handeha ao

amin'ny fitsanganana. Hitanareo ve hoe inona ilay izy? Fifanakalozana iray fotsiny izany. Lasa ianareo Andriamanitra, mba ahafahanareo ho lasa Andriamanitra. Hitanareo? Lasa ampahanareo Andriamanitra, nofo, mba ahafahanareo ho lasa Ampahany nohon'ny Fahasoavany, izay ihany, mba hananana Fiainana Mandrakizay.

564 Sary iray tsara tarehy fotsiny, ary, oh, tiantsika izany.

Ankehitriny, *Andriamanitra, dia naniry betsaka kokoa . . .*

565 Tsy voatery, fa naniry Izy. Tena faly aho ny amin'izany, ary ianareo, fa ny Andriamanintsika no naniry? Jereo. Ahoana moa raha Izy—ahoana moa raha tsy nahari-po Izy? Inona no vokatry ny Fanahy? Fitiavana, fifaliana, finoana, fiadanana, fahari-po. Izany no ampahan'Andriamanitra iray izay ao aminareo. Ary afaka mahatanty, mifampitondra enta-mavesatra. Mifamela, tahaka an'Andriamanitra namela anareo nohon'ny amin'i Kristy. Ny Fanahin'Andriamanitra ao aminareo no manao anareo tahaka an'izany. Ary noho izany rehefa teto an-tany teto Andriamanitra ka lasa ianareo, lasa fahotana, dia Izy no naka ny fahotanareo, nitondra an'izany ho anareo ary nandoa ny sazinareo ho an'izany. Mahari-po Andriamanitra, mitondra ny enta-mavesatsika.

566 Ary avy eo dia Andriamanitra tsara iray Izy. Raha tianareo, ireo zavatra ho amin'ny fanaonareo, fantatrareo, dia Andriamanitra no tena tsara hanao an'izany. Tiany ny—ny manao anareo ho sambatra. Tiany ny . . . Izy—Izy dia fitiavana, ary ny Fitiavany lehibe no manery Azy hilefitra mihitsy aza indraindray, mba hamela anareo hahazo an'ireo zavatra izay tianareo.

567 Jereo i Tomasy, taorian'ny fitsanganana. Tsy te-hino i Tomasy. Oh, manana zanaka maro izy androany. Fa hoy Tomasy hoe, "Tsia. Tsia. Tsy maintsy hila porofo iray aho. Tsy maintsy hametraka ny tànako eo amin'ny Lanivohony aho, ary eo amin'Ny . . . ny rantsan-tànako eto ireto eo amin'ny Tànany, alohan'ny hinoako an'Izany. Izaho, tsy ahoako izay lazainareo." Hitanareo, tany ivelan'ny lamin'ny Soratra tanteraka izy, teo no ho eo. Natao hino an'Izany ianareo. Noho izany dia hoy izy hoe, "Tsy maintsy manana karazana porofo iray aho, mba hanaporofo an'Izany."

568 Dia niseho Jesosy, tsara Izy, "Avia, ry Tomasy, raha izany no ilainao, eny, dia inty ny anao. Afaka mahazo an'izany ianao."

569 Tahaka an'izany isika. Hoy isika hoe, "Tompo, tsy maintsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Izaho—tsy maintsy mihiakiaka aho. Izaho tsy maintsy . . . "

570 "Oh, mandehana, hamela anareo hanana an'izany Aho." Tsara Izy.

571 Noho izany dia napetrany teo amin'ny Lanivohony ny tànany, avy eo dia hoy izy hoe, "Oh, ny Tompoko sy Andriamanitro ity."

572 Hoy Izy hoe, "Ankehitriny, ry Tomasy, mino ianao satria nahita. Fa tsy lehibe lavitra noho izany ve ny valim-pitian'izay tsy nanana porofo kanefa nino an'Izany!" Eo ianareo izao. Eo amin'izany no tsy maintsy ahatongavantsika. "Tsy lehibe lavitra noho izany ve ny valim-pitian'izay tsy nahita na inona na inona kanefa mino an'Izany." Hetsika iray an'ny finoana, no anekentsika an'Izany.

573 Ankehitriny, mino an'ireo famantarana izay manaraka an'ireo mpino aho, saingy ndao isika aloha hametraka an'ireo zavatra voalohany. Afaka mahazo an'ireo famantarana ianareo, tsy manana an'Ity. I Paoly no nilaza fa afaka ianareo. Hoy izy hoe, "Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny olona sy ny Anjely aho; tsinontsinona aho. Afaka mamindra tendrombohitra amin'ny alàlan'ny finoako aho; tsinontsinona aho. Afaka mahazo ny Baiboly aho, tahaka ny ahafahako mahafantatra an'ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra; tsinontsinona aho." Hitanareo, izany dia ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina, tsy misy ny Fanahy Masina.

574 Ny Fanahy Masina dia Andriamanitra. Andriamanitra dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahalemem-panahy, faharetana. Izany no Fanahin'Andriamanitra. Izany no atsangan'Andriamanitra amin'ny andro farany, amin'ny alàlan'io Fanahy io.

575 Ankehitriny, "Tsy naniry . . . "

. . . *Andriamanitra,* naniry *betsaka* kokoa *ny* haneho *amin'ireo mpandovan'*ny *teny fikasana* . . .

. . . *Andriamanitra,* naniry kokoa . . . *ny* haneho . . . *ireo mpandova* . . .

Iza ireo mpandova? "Isika, satria maty ao amin'i Kristy, no lasa Taranak'i Abrahama, ary mpandova." Oh, milentika ve izany? Isika no mpandova ny Fanjakan'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny teny fikasana nianianana. Tsy voatery nianiana Andriamanitra. Tanteraka Ny Teniny. Fa Izy dia nianiana, ihany koa, tamin'ny Tenany, satria tsy nisy anankiray lehibe kokoa.

576 Raha manohy mamaky isika, vetivety fotsiny, dia henoy.

. . . ny *teny fikasana ny tsi-fiovan'ny sitrapony, dia nanamafy an'izany tamin'ny fianianana*:

577 "Tsi-fiovana," ilay tsy miovaova. Tsy afaka miova Andriamanitra. Tsy maintsy mijanona ho tsy miova Izy. Ary raha nanasitrana olona marary iray Andriamanitra, dia tsy afaka manova ny Toetrany mihitsy Izy. Raha mamela mpanota iray Andriamanitra, mpijangajanga iray, dia tsy afaka manova ny Toetrany mihitsy Izy. Ilay tsi-fiovana, ilay tsy fiovaovan'ny Tenin'Andriamanitra. Nilaza Andriamanitra, ao amin'ny

toerana anankiray hoe, “Izaho no Tompo Izay manasitrana ny aretinao rehetra.” Tsy maintsy mijanona miaraka amin’Izany Izy, satria tsy manam-petra Izy. Fantany ny fiafarana hatrany amin’ny fiandohana.

578 Ankehitriny, afaka milaza aho hoe, “Hanao an’*ity* aho.” Nefa ny Baiboly dia nilaza, fa isika dia tokony hanao hoe, “Raha sitraky ny Tompo.” Satria, mety maty iray aho. Izaho tsy mahafantatra. Matetika dia tsy maintsy misintona ny teniko aho, fa Andriamanitra dia tsy afaka misintona ny Azy. Andriamanitra Izy.

579 Ary zavatra anankiray ihany no Notakiany hoe, “Raha mety mino ianao.” Oh, oadray! “Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra.” “Raha mety mino ianao,” izay ihany. “Ianao, raha afaka ianao,” izay ilay fanontaniana. Fa tsy eo amin’ny Tenin’Andriamanitra ilay fanontaniana, satria, ny Tsi-fiovany, tsy afaka miova Izy. Mahafinaritra toy ny ahoana!

580 Henoy ankehitriny, raha manohy mamaky isika.

> *Mba amin’ny zavatra roa tsi-miova, izay* tsy *azon’Andriamanitra andaingana, . . .*

Tsy azo atao! Ny tsy azo atao sy ny tsi-fiovana dia saiky ilay teny iray ihany; tsy afaka miova, tsy afaka mihetsika. Tsy maintsy mijanona mitovy mandrakizay izany. Tsy azo ovaina, ny tsi-fiovana sy ny tsy azo atao.

> Ary roa, *amin’ny zavatra roa tsi-miova, izay tsy azon’Andriamanitra andaingana, . . .*

“Manana zavatra roa isika?” Eny. Voalohany, dia Ny Teniny no nilaza fa Hataony izany. Ny faharoa dia ny Fianianany teo amin’izany, hoe Hataony izany. Oh, oadray!

581 Tokony ho karazan’olona inona isika? Nahoana isika no tsy maintsy hihilangilana sy hihazakazaka, ary maka an’ireo zavatr’izao tontolo izao sy mihetsika tahaka an’ity modelim-pitarihan’ny Kristianisma an’ny 1957 ity? Te-ho ilay karazan’ny fanao fahiny isika izay mandray an’Andriamanitra amin’Ny Teniny, ka miantso an’ireo zavatra izay tsy misy, ho toy ny misy. “Raha Andriamanitra no niteny an’izany, dia milamina hatreo Izany.”

582 Abrahama, izay nomena ny teny fikasana, ho azy sy ny Taranany, dia niantso an’ireo zavatra izay tsy nisy, ho toy ny nisy izy. Satria, Izany no fampanantenan’Andriamanitra, nahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra. Izy no nampanantena azy an’izany, dia nino an’Izany izy. Ary raha lasa ny taona, ka toy ny lasa nanalavitra ilay teny fikasana, ho an’ilay maso ara-boajanahary, dia lasa akaiky kokoa Izany ho an’i Abrahama.

583 Raha tokony halemy, ka hanao hoe, “Eny, angamba tsy misy izany karazana fanasitranana avy amin’Andriamanitra izany.

Angamba fotsiny aho ha-. . . Angamba tsy misy izany karazan-javatra izany. Angamba diso aho tao amin'ny fiheverako rehetra." Amin'izay fotoana izay, dia maneho zavatra iray izany, hoe tsy mbola nateraka indray ianareo. "Fa izany dia . . . "

584 Nandalovantsika tamin'ny Alahady lasa, tany aloha lavidavitra kely fotsiny tao amin'ilay toko. "Fa tsy azo atao ho an'ny olona iray izay nanandrana indray mandeha an'ireo fanomezam-pahasoavana avy any An-danitra sy ny sisa, ny ho lavo, ka hanavao indray ny tenany amin'ny fibebahana." Tena, tsy azo atao tanteraka!

> Fa izay efa *naterak'Andriamanitra* dia *tsy* ary tsy mahay *manota; satria* ny *voan'*Andriamanitra no mitoetra *ao aminy: ary tsy mahay manota izy,* . . .

Ny Voan'Andriamanitra dia ny Tenin'Andriamanitra. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Teny, 'Efa vita ilay Fanatitra. Tapitra ny rehetra.'"

585 Ankehitriny, raha manao ratsy ianareo, dia hasain'Andriamanitra haloanareo izany. Fa raha manao ianareo, diso ianareo, fa tsy fanahy iniana no anaovanareo an'izany. Toko faha-10, ny andininy faha-47, mino aho, "Fa raha minia manota isika rehefa avy nandray ny fahalalana ny Fahamarinana." Fa rehefa avy Nateraka indray mandeha ianareo, dia manana ny Fahamarinana; tsy ny fahalalana an'Izany, fa nanaiky ny Fahamarinana ianareo ary lasa zava-misy iray Izany. Ary zanak'Andriamanitra iray ianareo, mandritry ny fotoana sy Mandrakizay. Nianiana Andriamanitra fa Hataony izany.

586 Hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany. Tsy ho tonga amin'ny Fitsarana mihitsy izy. Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izy." Ankehitriny dia miaraka amin'ny fianianana iray tahaka an'izao hoe, "Andriamanitra dia naniry mba hahazoantsika an'Izany."

587 Diniho ankehitriny izay lazainy eto, Paoly no miresaka amin'ilay—ilay fiangonana.

> . . . dia *tsy azon'Andriamanitra andaingana, isika* dia tokony *hahazo fampiononana mafy,* . . .

Tsy hoe, "Eny, raha tsy mitondra ahy tsara ireo Batista, dia handeha ho any amin'ireo Metodista aho." Hitanareo?

> . . . *isika* tokony *hahazo fampiononana mafy, izay* efa *nandositra hihazona ny fanantenana napetraka teo anoloantsika:*

588 Ankehitriny ao amin'ny famakiana an'ilay farany.

> *Dia ny fanantenana izay ananantsika ny vatofantsiky ny aina,* . . .

> Ny *fanantenana,* ny fianianana nianianan'Andriamanitra, *izay ananantsika ny vatofantsiky ny aina, sady mafy no azo antoka, ary izay miditra ao amin'izany* dia *ao anatin'ny efitra lamba;*

589 Ndao isika hiresaka vetivety fotsiny mikasika "ny efitra lamba." Tsy vitantsika tsara loatra izany tamin'ny Alahady hariva lasa.

590 "Ao anatin'ny efitra lamba." Ny efitra lamba dia ny nofo. Ny nofo no manakana antsika tsy hahita an'Andriamanitra, mifanatrika, ao amin'ity fiangonana ity. Ny efitra lamba no manakana antsika tsy hahita an'ireo Anjely ao amin'ireo toerany izao maraina izao, mitsangana eo akaikin'ireo seza. Ny efitra lamba no manakana antsika tsy hahita Azy. Voaafina ao ambadiky ny efitra lamba isika, ary io efitra lamba io dia ny nofo. Zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra isika, "Ny Anjelin'Andriamanitra dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy." Ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra isika, isan'andro. "Tsy hahafoy anao mihitsy Aho, na handao anao mihitsy Aho. Hombanao isan'andro Aho, hatramin'ny farany mihitsy aza." Fa ny efitra lamba dia ny nofo, izany no misakana antsika tsy ho eo amin'Ny Fanatrehany. Fa amin'ny alàlan'ny aina, ny Fanahy, amin'ny finoantsika no ahafantarantsika fa miambina antsika Izy. Mitsangana eo akaikintsika Izy. Eto Izy ankehitriny.

591 Tany Dotana tany, indray maraina, dia voahodidin'ny tafika ny mpaminany antitra iray ka nivoaka ny mpanompony ary nanao hoe, "Oh ry ikaky, voahodidin'ny vahiny ny firenena manontolo."

592 Dia nitsangana i Elia, ary nanao hoe, "Nahoana, anaka, ny momba antsika dia be lavitra noho ny momba azy ireo."

593 Eny, nakentrony ny masony ka nijery manodidina izy. Tsy afaka nahita na inona na inona izy.

594 Hoy izy hoe, "Andriamanitra, tiako mba Hosokafanao ny masony, esory ilay efitra lamba." Ary rehefa nilatsaka avy teo amin'ny masony ilay efitra lamba, dia nisy kalesy afo nanodidina an'io mpaminany antitra io, nirehitra Afo ireo tendrombohitra niaraka tamin'ny Anjely sy kalesy. Eo ianareo izao.

595 Oh, tamin'izay fotoana izay i Gehazy vao afaka nanao hoe, "Izaho—azoko ankehitriny." Hitanareo, nilatsaka ilay efitra lamba. Eo no misy an'ilay sakana.

596 Ity ilay izy. Hazòny mafy izany. Ny efitra lamba no misakana antsika tsy hiaina amin'ny fomba tokony iainantsika. Ny efitra lamba no misakana antsika tsy hanao an'ireo zavatra izay tena tiantsika hatao marina. Ary lasa voasarona tao anatin'ny nofo Andriamanitra, ka norovitina nisaraka roa ilay efitra lamba. Dia lasa Andriamanitra indray Andriamanitra, ka nanangana an'ilay efitra lamba izay Nanafenany ny Tenany Izy. Izany

ilay fitsanganan'ny Tompo Jesosy. Manaporofo amintsika fa, ao anatin'ity efitra lamba izay iafenantsika ankehitriny ity, dia amin'ny finoana no inoantsika an'Izany sy anekentsika an'Izany. Ary rehefa rovitina misaraka roa *ity* efitra lamba ity, dia handeha ao amin'Ny Fanatrehany aho miaraka amin'ity antoka ity, mahafantatra hoe, "Mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho." Amin'ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, dia hitsangana indray ity efitra lamba ity, ao anatin'ny fomba tanteraka iray, hany ka handeha aho ary hiresaka Aminy izay Mpamonjiko sy Andriamanitro, rehefa mandray ny seza fiandrianan'i Davida Izy. Ary ho velona mandrakizay isika ao anatin'ity efitra lamba ity rehefa avy natao tanteraka, fa ity efitra lamba ity dia manana fahotana ao aminy. Tsy mampaninona ilay izy na toy ny ahoana . . . Aza mihevitra ny hahazo an'io vatana nomem-boninahitra io eto amin'ity tany ity mihitsy. Tsy maintsy maty izy, tahaka ny ainareo tsy maintsy maty, mba hateraka indray.

597 Ao amin'ny fahatanterahana, ny tsy fihinanan-kena, na ny fanaovana an'*ity*, sy ny fanatanterahana ny vatana, dia tsy hahazoanareo an'izany mihitsy. Ary hoe ianareo dia tsy maintsy mijanona amin'*ity*, sy manao an'*ity*, sy manao an'*ity*, ary manao an'*ity*, lalàna izany. Ireo mpanaraka lalàna izany. Tsy mino ny famonjena amin'ny endrika araka ny lalàna isika. Mino an'Izany isika hoe tamin'ny fahasoavana no namonjena antsika. Ary tsy ianareo izany. Tsy misy idiranareo izany. Fifidianan'Andriamanitra no manao an'izany. "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy." Marina izany. Ary Izy . . . Ny hany nahatongavan'i Jesosy mba hatao dia ny haka an'ireo izay efa fantatry ny Ray mialoha; ary nifidy mialoha azy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao mba ho lasa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Amena. "Tsy izay mihazakazaka, na izay maniry, fa Andriamanitra izay maneho famindrampo." Andriamanitra no manao an'izany. Ianareo tsy afaka hihambo, mihitsy. Tsy misy zavatra iray izay nataonareo. Andriamanitra, nohon'ny fahasoavana, no namonjy anareo; tsy ianareo, ny tenanareo. Raha ianareo no manao, dia manana zavatra ihamboanareo ianareo. Fa tsy manana na inona na inona ihamboana ianareo. Ny dera rehetra dia ho Azy. Izy izany. Avy eo dia Izy no manome anareo an'ilay fanantenana azo antoka hoe, "Nianiana tamin'ny fianianana iray, hoe tsy azo ataon'ny Zanany ny mba ho very."

598 Ankehitriny, mahazo kapoka izy ireo nohon'ny fanaovana ratsy. Mijinja an'izay afafinareo ianareo. Mahazo an'izany ianareo. Aza mihevitra ankehitriny fa mandeha fotsiny ianareo ka manota, dia milamindamina amin'izany. Raha manao ianareo, ka manana an'izany toetra izany, dia izany no maneho fa tsy mbola nateraka indray mihitsy ianareo. Azonareo ve ilay izy? Raha mbola manana an'ilay faniriana foana ianareo ao

anatinareo, ny hanao ratsy, amin'izay fotoana izay dia mbola diso foana ianareo. Hitanareo? "Fa Izy no nahatanteraka, mandrakizay, an'ireo izay . . . Ary ireo biby teo ambanin'ny Testamenta Taloha, teo ambanin'ireo andron'ny lalàna, izay natolotra isan-taona, tsy ankitsahatra, dia tsy afaka nanaisotra ny fahotana mihitsy." Fa rehefa mametraka ny tànantsika eo amin'ny Lohany isika, ka miaiky ny fahotantsika ary nateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray, dia tsy manana fanirian'ny ota intsony isika. Niala taminareo ny fahotana. Izany dia mandritry ny fotoana sy Mandrakizay.

599 Hanao fahadisoana ianareo. Ho lavo ianareo. Hinia hanao ratsy ianareo. Handeha ianareo indray andro ka hanao zavatra. Tsy midika izany fa very ianareo. Izany dia midika fa hahazo fanitsiana ianareo.

600 Ny zanakolahy kely, matetika, ireo zanako, dia hanao zavatra. Ny anareo dia manao, ihany koa. Ka ianareo . . . Fantatr'izy ireo fa izany dia manohitra ny—ny fitsipikareo. Ary fantatr'izy ireo hoe inona no miandry rehefa manao an'izany izy ireo. Hahazo kapoka izy ireo ny amin'izany, matetika dia anankiray tsara. Fa mbola zanakareo foana izy. Izany tokoa.

601 Tsy azon'io lehilahy io atao ny mba ho very indray, vantany vao nateraky ny Fiainana Mandrakizay. Tsy mpanome Indiana iray Andriamanitra. "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay; ary tsy ho tonga amin'ny Fitsarana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana. Izaho no hanangana azy amin'ny andro farany." Izany no fampanantenan'Andriamanitra.

602 Ankehitriny raha manohy ianareo, manao hoe, "Oh, eny, noho izany aho dia afaka manao fotsiny . . . " Manao an'izay tiako atao foana aho isan'andro. Fa raha Kristiana iray ianareo, dia tsy te-hanao zavatra izay ratsy, noho ilay tena Fiainana izay ao anatinareo mihitsy, ilay tena fanorenana mihitsy. Raha te-hanao ratsy ianareo, dia izany no maneho fa ilay zavatra ratsy dia *ato*. "Ahoana no ahafahan'ny rano mangidy sy mamy hivoaka avy amin'ny loharano iray ihany?"

603 Noho izany dia nisavoritaka teo amin'ny karazana fientanam-po iray ianareo, na fahatsapan'ny *zavatra-hafa* anganongano: Adinoy izany! Miverena eo amin'ny alitara ka manaova hoe, "Andriamanitra, esory ny fiainam-pahotako fahiny, ka apetraho ao amin'ny toerana iray aho izay hahatonga ny faniriako manontolo . . . "

"Izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota." Marina izany. Tsy manana faniriana hanao an'izany izy.

604 Izany tokoa, hamandrika azy *eto* sy *etsy* ny devoly, fa tsy fanahy iniana. Ny Baiboly no niteny an'izany. Hamandrika azy ny devoly, hatrany hatrany. Azo antoka, hamandrika izy.

Niezaka ny hanipy fandrika ho an'i Jesosy Tompontsika izy. Nanipy tamin'i Mosesy izy, ary nahatratra azy. Nanipy tamin'i Petera izy, ary nahatratra azy. Nanipy tamin'ny maro izy, saingy . . . Nandà Azy mihitsy aza i Petera, saingy avy eo dia lasa izy ary nitomany mafy. Nisy Zavatra tao anatiny.

605 Rehefa navoaka avy tao amin'ny sambofiara ilay voromailala . . . Nivoaka ilay goaika, dia nikoraraika nanerana izy. Nety tsara izy tao anatin'ny sambofiara, fa rehefa nivoaka izy, dia hafa ny natiorany. Afaka nihinana ny fatim-biby ratsy rehetra izay tiany izy, ary afa-po. Nahoana? Goaika iray izy, eo am-panombohana. Mpitsindroka iray izy. Tsy tsara izy. Mpihatsaravelatsihy iray izy izay nipetraka teo ambonin'ilay hazo lava niaraka tamin'ilay voromailala, goavana mihitsy tahaka an'ilay voromailala. Afaka nanidina tany amin'izay rehetra nahafahan'ilay voromailala nanidina izy. Fa afaka nihinana sakafo tsara tahaka ny nohanin'ilay voromailala mihitsy izy. Ary avy eo dia afaka nihinana sakafo lò izy, izay tsy azon'ilay voromailala nohanina. Satria, dia hafa no nanamboarana an'ilay voromailala. Hafa no nanaovana azy. Voromailala iray izy. Ary ny voromailala dia tsy afaka hahalevona sakafo lò, satria tsy manana afero izy.

606 Ary ny olona iray izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra dia lasa voromailalan'Andriamanitra iray, ny natiorany, ny fiovàny, ny toe-batany. Eny, tompoko. Apetraho ny fanahin'ny—ny voromailala ho ao anatin'ny goaika, tsy hipetraka eo amin'ny fatim-biby iray mihitsy izy. Raha tafapetraka nohon'ny fahadisoana izy, dia hiala haingana mihitsy tokoa izy. Tsy afaka hahatanty an'izany izy. Ary ny olona iray izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, dia tsy mandefitra amin'izany. Mety ho tafapetraka ao anatin'ny trano fisotroana iray izy indray andro, saingy hivoaka haingana avy ao izy. Mety mamitaka azy ny vehivavy iray, hanao azy hitodika, fa hanatodika ny lohany indray izy. Hiala lavitra haingana eo izy. Nahoana? Voromailala iray izy. Marina izany. Tsy afaka hanadala azy ianareo, satria mahafantatra izy. "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko, ka tsy hanaraka vahiny iray izy." Voromailala iray izy, eo am-panombohana. Izany no resahako, ilay zavatra tena misy izay mifikitra ao anaty.

607 Diniho tsara ankehitriny. "Nianiana Andriamanitra." Oh, izany . . .

> *Dia ny fanantenana izay ananantsika vatofantsiky ny aina, sady . . . mafy, ary izay miditra ao—ao amin'izany* dia ny *efitra lamba;*

608 "Ny efitra lamba." Nidina Andriamanitra, voasarona tao anatin'ny nofo. Mba hanao inona? Mba haneho ny Tenany. Tsy maintsy niafina Izy, satria tsy afaka nahita Azy isika. Ary niafina tao ambadiky ny efitra lamba Izy. Ary ilay efitra

lamba dia Iza? Jesosy. "Tsy Izaho no manao an'ireo asa, fa Ny Raiko," hoy Jesosy. "Ny Raiko dia monina ato Amiko. Miasa Aho. Ny Ray miasa, ary miasa Aho hatramin'izao." Indro Izy toy ny Anankiray voasarona, mandeha ao anatin'ny nofo, Andriamanitra, Imanoela, Andriamanitra miaraka amintsika. "Tao amin'i Kristy Andriamanitra, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany." Indro Izy, mandehandeha.

609 Ankehitriny, nidina Izy ary nanao fanamasinana iray, na fanao iray, na toeram-panavotana iray, mba amin'ny alàlan'ny fanateran'ny Fahafatesany, no nandoavana ny vidin'ny fahotana, mba Ahafahany hiverina indray ka honina ao anatintsika. Noho izany ny finoana izay ananantsika dia ny—dia ny finoana voasarona iray, na olona efitra lamba iray. Noho izany dia tsy mijery an'ireo zavatra izay hitantsika ao anatin'ity efitra lamba ity isika. Ny efitra lamba dia manana fianarana, ary manao zavatra sy miteny zavatra izy. Zavatra siantifika iray izy. Fa ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona izay monina ato anatiny ato, dia miantso an'ireo zavatra izay tsy misy, ho toy ny misy, raha Andriamanitra no niteny azy. Io ilay manarona anareo. Ao anatin'ilay efitra lamba isika.

610 Ankehitriny, indray andro any dia hanangana an'ity efitra lamba ity Izy, tsy hateraky ny vehivavy iray amin'ny alàlan'ny faniriam-pilàn'ny lehilahy sy vehivavy, fa amin'ny sitrapon'Andriamanitra no Hitenenany dia hiseho izy. [Manapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Amin'izay fotoana izay dia hahazo vatana iray tahaka ny Vatany Manokana be voninahitra isika. Ho voasarona isika, mba ahafahantsika mifampiresaka, mifandray tànana.

611 Ankehitriny, rehefa miala avy eto isika, dia misy tabernakla iray, teofania iray, endrik'olona iray fotsiny, izay tsy mihinana, tsy misotro, tsy matory, mifoha mandrakizay. Ho any amin'izany no handehanantsika. Fa miandry eo ambanin'ny Alitara izy ireo, miantsoantso hoe, "Tompo, mandra-pahoviana? Mandra-pahoviana?" mba hiverina hidina. Satria, te-hifandray tànana izy ireo. Te-hipetraka sy hihinana izy ireo, ary hifampiresaka. Olombelona izy ireo. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo!

612 Rehefa nanao ny olona araka ny Endriny Manokana Andriamanitra tany amin'ny voalohany, dia tahaka an'izany no Nanaovany azy. Izy dia nifampiombona, satria nifankahafantatra isika. Tiantsika ireo zavatra izay nataon'Andriamanitra ho antsika, satria tahaka an'izany no nanaovana antsika. Amin'Ny Fihaviany lehibe, dia ireo izay vonona no ho tahaka an'izany mandrakizay. Tsy mety maty, hitsangana ao amin'ny fitoviana Aminy isika. Oh isaorana anie io Anaran'i Kristy io!

613 Ary ankehitriny dia manana ny antoky ny famonjentsika isika, satria manaiky Azy ho Mpamonjintsika manokana

isika, ho Mpanasitrana antsika. Ireo rehetra ireo dia karama, na, ampaham-bola izay naloan'ilay fifanaraham-piantohana. Amena. Fantatrareo hoe inona ny fifanaraham-piantohana iray. Afaka misintona an'ireo ampaham-bola eo amin'izany ianareo mandra-pahatongan'ilay teti-bidy voatendry. Izany tokoa. Afaka misintona an'ireo ampaham-bola ianareo. Ary misintona an'ireo ampaham-bola isika ankehitriny. Saingy fotsiny, ilay zavatra, vantany vao misintona an'ireo ampaham-bola isika, dia amboarina indray ilay karama.

614 Mpiasan'ny fiantohana iray, indray andro, no nilaza tamiko hoe, "Billy, te-hivarotra fiantohana iray aminao aho."

Hoy aho hoe, "Manana anankiray aho." Nijery ahy ny vadiko.

615 Ankehitriny, tsy misy na inona na inona manohitra ny fiantohana. Fa ny olona sasany dia "mahantra nohon'ny fiantohana." Noho izany, dia nitodika izy ireo. Nilaza izy . . .

616 Nijery ahy ny vadiko, hafahafa, "Manana fiantohana ianao?"

617 Hoy aho hoe, "Azo antoka." Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy.

618 Hoy izy hoe, "Eny, Billy, karazana fiantohana inona no anananao?"

619 Hoy aho hoe:

> Antoka voatahy, ahy Jesosy!
> Oh, fanandramana mialoha iray an'ny voninahitra
> any An-danitra toy ny inona!
> Mpandova famonjena, voavidin'Andriamanitra,
> Nateraky Ny Fanahiny, voasasa tao amin'Ny Ràny.

620 Hoy izy hoe, "Tena tsara izany, Billy," hoy izy, "saingy tsy hametraka anao ao amin'ilay tokontanim-pasana eto izany."

621 Hoy aho hoe, "Fa Izany no hamoaka ahy. Izany ilay zavatra lehibe." Tsy manahy mikasika an'izay hidirana ao aho; manahy ny amin'izay ivoahana aho.

622 Ary satria manana an'ilay antoka aho, noho ilay Andriamanitry ny Mandrakizay nianiana, fa hanangana ahy indray Izy ho amin'ny fitoviana amin'Ny Zanany, amin'ny andro farany, dia handeha am-pahasahiana aho ary hanana fiononana iray sy vatofantsiky ny aina, ka, raha mbola ao anatin'ity efitra lamba ity aho dia misy Zavatra iray tsy hita maso mifikitra amin'ilay Vatolampin'ireo taona any. Rehefa mitroatra sy mipoaka ireo rano, dia tsy manao fahasamihafana izany. Raha ny fahafatesana, loza, na inona na inona, dia tsy mahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra. Mihazona ao anatin'ilay efitra lamba ny vatofantsiko. Avelao hiakatra ireo tondra-drano. Avelao izy hanafotra. Avelao ho tonga ireo tsi-mahatoky. Manana vatofantsika iray ilay mpino nateraka

indray. Tsy mbola afaka mahita amin'ny alàlan'ity efitra lamba ity ianareo. Saingy fantatro fa mihazona eo amin'ilay Vatolampin'ireo taona ny vatofantsiko any, Izay teny fikasana iray nianianana fa hanangana ahy indray Izy amin'ny andro farany.

623 Tsy mahagaga raha afaka mijery ny fahafatesana eo anoloana ianareo, ka manao hoe, "Aiza ny fanindronanao? Ry fasana, aiza ny fandresenao? Fa isaorana Andriamanitra Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika."

Izay misy *ny mpialoha làlana* . . .

Oh, oadray! Tsy ho tonga eo amin'ny lesontsika mihitsy isika.

Eo amin'izay misy ny mpialoha làlana . . . ho antsika

624 Mpialoha làlana iray. Efa mba voamarikareo ve, tamin'ireo andron'ny tandrefana fahiny (Matetika aho no nandeha nitety an'ireo làlankely fahiny.), ny mpialoha làlana iray, na tily? Rehefa reraka ireo kalesy mpitatitra, nohon'ny rano, dia mihazakazaka mankany aloha ilay tily. Ary hitany ireo fokon'ny Indiana; nialàny izy ireo. Ary hitany izay nisy loharanon-drano iray. Mandeha miverina haingana izy mba hiteny amin'ireo tompon'ny kalesy mpitatitra hoe, "Ampandehano haingana ireo soavaly, aoka hahazo hery tsara ny olona rehetra, satria ao ambadik'ilay tendrombohitra dia misy loharanon-drano goavana iray." Mpialoha làlana iray izy.

625 Ary eto, ilay Mpialoha làlana. Noteren'ny devoly ny olona indray mandeha, teo ambanin'ny tifitra varirarakа, saingy nisy Olona iray naka an'ilay akanim-basy marovava. Jesosy izany. Nandeha teo alohantsika ilay Mpialoha làlana. Ary nitsangana teo Satana niaraka tamin'ny basy marovava iray, nanery antsika, tao amin'ny fanandevozana foana sy ny fahatahorana fahafatesana. Izy no niandry an'io Loharano io. Azo antoka, izy no niandry. Nomena Azy ny fanirahana, satria nanota isika ary nentina nanalavitra an'Izany. Saingy ilay Mpialoha làlana, Kristy, dia niditra ka naka an'ilay akany.

626 Efa renareo ve ilay hira fahiny hoe, "Ambeno ny manda, satria ho avy Aho"? Ny miambina ny manda, dia tsinontsinona; ndao isika haka azy. Tsy mila miambina azy ela isika. Kristy no naka an'ilay manda. Haleloia! Misokatra ny varavarana. "Misy Loharano iray misokatra ao an-tranon'Andriamanitra, ao an-tanànan'i Davida, mba hanadio, ho fanadiovana ny tsy madio." Ny Mpialoha làlana antsika dia efa niditra ho antsika.

627 Ny Mpialoha làlana, Izy no miteny amintsika hoe, "Misy toerana iray mihitsy any ankoatra, any, izay tsy hahatonga anareo ho antitra intsony." Izay tsy hisy kentrona, izay tsy hilainareo hampiasa ny an'ny Max Factor mba hanao anareo ho tsara tarehy amin'ny vadinareo. Nandroso ilay Mpialoha làlana.

Tsy misy intsony toerana iray izay hahatonga anareo ho antitra sy reraka ary hangovitra. Misy toerana iray izay tsy hahatonga anareo harary intsony. Izay tsy hananan'ny zazakely aretin-kibo intsony. Izay tsy hahaverezanareo solony iray intsony, na, nify iray, mba hahazo solony iray. Haleloia! Oh isaorana anie Ny Anarany! Niditra Izy, ary hitsangana tsy mety maty amin'ny fitoviana Aminy isika, indray andro any. Hamiratra ireo kintana sy masoandro. Izany tokoa. Nandeha teo alohantsika ilay Mpialoha làlana.

> . . . *ny mpialoha làlana dia* nandeha, efa *niditra ho antsika, ka Jesosy aza, dia natao mpisoronabe mandrakizay araka ny fanaon'i Melkizedeka.*

628 Nandeha teo alohantsika ity Mpialoha làlana lehibe ity, nanao làlana iray. Izy dia lasa avy tamin'ny Fanahy, loharano lehibe an'ny avan'Andriamanitra, Izay tsy nanana fiandohana na fiafarana. Izy dia, mandrakizay, Andriamanitra.

Nivoaka io tara-Pahazavana io. Tara-pitiavana iray izany, izany dia ilay anankiray lehibe, mena. Manaraka ilay loko manaraka, dia manga; manga, ny fahatokiana. Manaraka, nanaraka taorian'io dia ireo loko hafa, hatrany amin'ireo loko fito tanteraka, dia ireo Fanahy fiton'Andriamanitra, izay nivoaka avy tamin'io Loharano io na io Diamondra lehibe izay noresahan'i Jesosy io. Nodidiana io Diamondra lehibe io, mba hampitaratra an'ireo loko ireo. Tonga nofo Andriamanitra ary nonina teo anivontsika, mba Ahafahany mampitaratra ny Fahatsarany sy ny famindrampony eo anivontsika, amin'ny alàlan'ireo fanomezam-pahasoavana sy famantarana ary fahagagana.

Io avana goavana manontolo io dia lasa tao amin'ny teofania iray, natao tamin'ny endrika tahaka ny olona. Kanefa, tsy olona Izy; tsy nanana nofo Izy, tsy mbola. Teofania iray Izy.

629 Hoy i Mosesy hoe, "Te-hahita Anao aho." Nanafina azy tao amin'ilay vatolampy Andriamanitra.

630 Ary rehefa nandalo Izy, dia nanatodika ny Lamosiny Izy. Hoy i Mosesy hoe, "Tahaka ny lamosin-dehilahy iray Izany."

631 Avy eo dia inona no niseho? Indray andro tany, rehefa nipetraka tao anatin'ny tranolainy i Abrahama. Ho tonga eo amin'izany isika, rahariva. Rehefa nipetraka tao anatin'ny tranolainy i Abrahama, dia nanatona azy Andriamanitra, tao anatin'ny vatan'ny nofo iray.

"Oh," hoy ianareo, "Rahalahy Branham, izy dia . . . "

632 Ho hitantsika eo mihitsy Izy nihaona tamin'i Abrahama talohan'io, tao amin'ny fanaon'i Melkizedeka, vatan'ny nofo iray, izay Andriamanitra. Azo antoka, izany ilay izy. Izy no Andriamanitra tao amin'ny nofo.

633 Hoy ianareo hoe, “Noho izany, Rahalahy Branham, dia nahoana Izy no tsy maintsy niverina ka nateraka?”

634 Tsy mbola teraka Izy tamin’izany. Noforonina fotsiny Izy, vatana iray izay Nonenany. Melkizedeka dia Mpanjakan’i Salema, izany hoe Mpanjakan’i Jerosalema, izany hoe Mpanjakan’ny fiadanana; izay tsy nanana ray na reny, fiandohan’andro na fiafaran’ny fiainana.

Jesosy dia nanana ray sy reny, ary voalohan’andro sy fiafaran’ny fiainana. Fa Izy dia natao “araka ny fanao” an’i Melkizedeka, izay tsy nanana fiandohan’andro na fiafaran’ny fiainana.

635 Melkizedeka dia Andriamanitra Izy tenany. Melkizedeka dia Jehovah Andriamanitra, ilay Anankiray ihany izay nihaona tamin’i Abrahama, taona maro taty aoriana, teo anoloan’ny tranolainy. Nanatodika ny Lamosiny taminy; hoy Izy hoe, “Nahoana no nihomehy i Saraha?” Marina izany. Izy no ilay Anankiray izay nitsangana teo, nijery nankany Sodoma. Nahafantatra Azy i Abrahama, satria tao anatin’ny efitra lambany dia nisy vatofantsika iray nihazona an’io teny fikasana io. Tsy hoe satria nanana fahatsapana iray izy, fa Andriamanitra no nanao ny teny fikasana taminy. Ary rehefa niditra tao amin’ny fifandraisana tamin’io andriamby io izy, dia fantany fa Izy no tao anatin’io nofo io.

636 Nivoaka niaraka tamin’i Abrahama, nanao dingana kely teo. Niteny tamin’i Abrahama Izy. Hoy Izy, “Eo am-pahitana an’io, Hafeniko amin’i Abrahama ve ireo zavatra ireo, hita fa izy no mpandova an’izao tontolo izao? Tsy hanao an’izany mihitsy Aho.” Noho izany, “Ry Abrahama, ho Teneniko aminao izay Hataoko eto amin’ny Làlako,” ho raisintsika izany rahariva, “any Sodoma any,” sy izay hataon’izy rehetra. Ary vantany vao nitso-drano an’i Abrahama Izy, dia niverina nankany amin’ny habakabaka indray Izy. Lehilahy iray izay nitsangana teo ka nisy vovoka teo amin’ny Akanjony, Lehilahy iray. Ary tsy izany ihany, fa nihinana nofon-janak’omby izay novonoin’i Abrahama Izy, sy nisotro ronono avy tamin’ny ombivavy, sy nihinana mofomamy vitsivitsy (mofo katsaka vitsivitsy), ary nanisy dibera teo ambonin’izany. Marina tokoa izany. Ary avy eo dia niverina ho teofania iray indray.

637 Inona izany? Nahoana Izy no tsy naka an’izany tamin’io fotoana io? Tsy mbola nateraka tahaka ahy sy ianareo mihitsy Izy. Fa tsy maintsy nateraka tao amin’ny nofo Izy, mba Ahafahany mihazona an’io fanindronana io. Vatana iray noforonina izany. Izany dia vatana iray izay Nisintonany kalsioma sy potasy avy tamin’ny tany fotsiny, ka nanao hoe, “Fioo,” ary niditra tao anatin’izany. Izany dia zavatra iray ihany izay naha-izy an’i Melkizedeka. Niditra tao aminy Izy, tao amin’ny vatana iray mba Ahafahany nandeha teo alohany

teo ambanin'ilay efitra lamba, an'ilay efitra lamba an'ny Famoronany Manokana; fa tsy efitra lamba an'ny famoronan'ny vehivavy iray, tamin'ny alàlan'ny kibon'ny vehivavy iray, tamin'ny alàlan'ny—ny sela, mihitsy. Fa Izy no namorona an'io ary niditra tao anatin'izany, ary niresaka, araka ny fanaon'i Melkizedeka.

638 Iza io Melkizedeka io?

> *Fa io Melkizedeka io, mpanjakan'i Salema,* (izay Jerosalema), mpisoron'*Andriamanitra avo indrindra,* (izany tokoa), *izay nitsena an'i Abrahama avy tamin'ny famonoana an'ireo mpanjaka, ka nitso-drano azy;*
>
> *Ho azy koa no* nanomezan'*i Abrahama ny ampahafolon'ny zavatra rehetra; voalohany raha adika dia Mpanjakan'ny fahamarinana,* (io fitiavana lehibe io, io Fanahy lehibe tany amin'ny fiandohana io)... *Mpanjakan'ny fahamarinana, ...aorian'izany... Mpanjakan'i Salema, izany hoe,* ny *Mpanjakan'ny fiadanana;*
>
> *Tsy manana ray, tsy manana reny, tsy manana tantaram-pirazanana, tsy manana na voalohan'andro,* na fiafaran'*ny fiainana;*...

639 Iza izany? Tsy nateraka mihitsy Izy, tsy ho faty mihitsy Izy. Iza izany? Andriamanitra izany, azo antoka, izany izy, tao amin'ny aloka mialoha an'ny Tompo Jesosy. Izany tokoa. Fa tsy maintsy tonga tamin'ny alàlan'ny vehivavy iray Izy, tahaka anareo tonga tamin'ny alàlan'ny vehivavy iray. Ary tsy maintsy tonga tahaka ny nahatongavanareo Izy, mba hamerina anareo eo Aminy. Haleloia!

> Fahasoavana mahagaga, feo mamy,
> Izay namonjy ory, mahantra jamba iray tahaka ahy!
> Very aho fahiny, fa hita aho ankehitriny, nohon'ny Fahasoavany,
> Jamba aho, fa mahita aho ankehitriny.

640 Azoko izay tsy maintsy Nataony. Lasa izaho Andriamanitra, mba hahatonga ahy ho Izy nohon'ny fahasoavana. Nitondra ny fahotako Izy, mba amin'ny alàlan'ny Fahamarinany no ahafahako manana Fiainana Mandrakizay. Tsy afaka misafidy samirery aho. Ny natiorako dia mpanota iray. Tsy manana na inona na inona hatao amin'izany aho. Izaho dia "teraka avy amin'izao tontolo izao, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto an-tany niteny lainga." Tsy nanana anjara iray akory, mihitsy aza; tsy misy na inona na inona, tsy faniriana iray akory aza.

641 Mitenena amin'ny kisoa iray hoe izy dia "diso, mihinana poti-kanina," tianareo ve? Jereo hoe impiry no hihainoany anareo. Teneno ny goaika iray hoe izy dia "diso, mihinana fatim-

biby," dia jereo izay ho teneniny aminareo. Raha afaka niresaka izy, "Ny raharahanao manokana karakaraina." Izany tokoa.

642 Oh, fa ny fahasoavan'Andriamanitra izay nanova an'ity natiora ity, ka nanome ahy ny fanararaotra haniry sy hila mafy ary hangetaheta hoe, "Ny fahatsaran'ny Fitiavanao dia tsara kokoa amiko noho ny aina, O Andriamanitra. Maniry fatratra Anao ny foko."

643 Hoy i Davida hoe, "Tahaka ny dieravavy maniry ny rano an-ony, dia toy izany koa no angetahetan'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra."

644 Andriamanitra no nanome an'io hetaheta io ho an'ny olona, mba hanompo Azy, hitia, hitady Azy. Fa ny olona no manimba an'izany amin'ny antson'ny devoly, ary mandeha ka mitsiriritra vehivavy sy ireo fahafinaretana ary ireo zavatr'izao tontolo izao, miezaka ny hahafa-po an'io famoronana masina izay ataon'Andriamanitra ao anatiny io, mba hitia Azy. Apetrany eo amin'ireo zavatr'izao tontolo izao izany. Fa, rahalahy, rehefa novaina indray mandeha izy, ka io loharano miaraka amin'ny tsiboboka ao anatiny io, ireo karazana rehetra an'ny—an'ny korontan'ilay famorian-drano, no voadio tanteraka ary voampangotraka, ka ilay Ranon'Andriamanitra mangarangarana no napetraka tao anatiny tao, dia tsy afaka mikasika azy intsony ny fahotana. Amena.

O toy ny ahoana no itiavako Azy! Toy ny ahoana no itiavako Azy fatratra!
Ny fiainako, ny taramasoandroko, ny rehetrako amin'ny rehetra!
Lasa Mpamonjiko ilay Mpamorona lehibe,
Ary ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra no mitoetra ao Aminy.

Nidina avy tamin'ny Voninahiny, ilay tantara velona mandrakariva,
Tonga ny Andriamanitro sy Mpamonjiko, ary Jesosy No Anarany.
Teraka tao anatin'ny fihinanam-bilona iray, vahiny teo amin'ny Azy manokana,
Ilay Andriamanitry ny fahoriana, ranomaso ary fitarainana.

O toy ny ahoana no itiavako Azy! Toy ny ahoana no itiavako Azy fatratra!
Ny fofon'aiko, ny taramasoandroko, ny rehetrako amin'ny rehetra!

645 O Andriamanitra! Ahoana no Nahafahany nanao an'izany? Efa niezaka nanoratra an'izany ny olona. Hoy ny anankiray hoe:

Raha fenointsika ranomainty ny ranomasimbe,
Ka ny mololo rehetra eto an-tany ho penina;

Lasa horonan-taratasy ny lanitra rehetra,
Ary ny olona rehetra ho mpanora-dalàna amin'ny asany,
Ny manoratra ny fitiavan'Andriamanitra any ambony.

Ahoana fa lasa nofo io Andriamanitry ny Lanitra lehibe io ka nitondra ny fahotako!

Ny manoratra ny fitiavan'Andriamanitra any ambony
Dia hanao ny ranomasimbe ho maina;
Na tsy ho antonona ny manontolo ilay horonana,
Na dia hitarina manerana ny lanitra aza.

646 Ary mba hanaovana fanantenana azo antoka iray ho an'ireo mpandova an'ity famonjena ity, dia nianiana tamin'ny Tenany Izy hoe Izy no hanangana antsika amin'ny andro farany, hanome antsika Fiainana Mandrakizay. "Ary tsy hisy olona afaka handrombaka azy ireo amin'ny Tànako." Amena.

Ndao isika hivavaka.

647 Meloka tamin'ny fandàvana ny Fitiavany ve ianareo? Nitsoaka Ny Vatany voatahy ve ianareo, ity Anankiray lehibe izay nanao anareo amin'izay maha-izy anareo ity? Ary ankehitriny dia eto ianareo, izao maraina izao, ao amin'ny fiainana hatreto, ka izany dia manome anareo fanararaotra iray. Te-hanohy ho velona ve ianareo? Fomba tokana ihany no hahavelomana, izany dia ny mino ny Tompo Jesosy. Raha ianareo, avy ao amin'ny fonareo, no mino fa Izy no Zanak'Andriamanitra ka manaiky Azy ho Mpamonjinareo, ary mino fa Andriamanitra no nanangana Azy ho an'ny fanamarinana anareo, raha te-hanaiky an'izany eo amin'izany fototra izany ianareo, dia anareo izany ankehitriny.

648 Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Fanahy manohitra iray, izay te-hibebaka izao maraina izao, hanao hoe, "Tsarovy aho, rahalahy, mpitory teny, raha hivavaka isika. Izaho koa dia tsy nahomby. Nikambana tamin'ny fiangonana aho, saingy izaho—fantatro fa izaho—tsy mbola nahazo mihitsy an'izay resahanao aho. Tsy mbola naterak'io Fanahy io mihitsy aho, Rahalahy Branham. Izaho fotsiny—tsy manana Azy fotsiny aho, izay ihany. Tiako ianao hivavaka ho ahy, mba hanomezan'Andriamanitra an'Izany ho ahy izao maraina izao." Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Hisy hafa ve? Manaova hoe, "Andriamanitra, ataovy arak'izay Tianao haha-izy ahy aho. Tiako Ianao mba ho . . . Te ho arak'izay Tianao haha-izy ahy aho. Efa nandà ny Fitiavanao aho." Andriamanitra hitahy anao, anaka.

649 Vetivety fotsiny ankehitriny.

Raha fenointsika ranomainty ny ranomasimbe,
Ka lasa horonan-taratasy ireo lanitra;
Ny mololo rehetra eto an-tany ho penina,
Ary ny olona rehetra ho mpanora-dalàna amin'ny asany;
Ny manoratra ny fitiavan'Andriamanitra any ambony
Dia hanao ny ranomasimbe ho maina;
Na tsy ho antonona ny manontolo ilay horonana,
Na dia hitarina manerana ny lanitra aza.

Oh, ny fitiavan'Andriamanitra, tena manan-karena sy mangarangana!
Tena tsy voarefy sy mahery!
Haharitra mandrakizay izany,
Hoy ny hiran'ireo olo-masina sy Anjely.

650 Andriamanitra malala, marina tokoa fa ilay poety izay nanoratra an'ireo teny ireo dia tahaka an'ireo maro hafa fotsiny amin'ireo Mpinonao, mitady, miezaka ny hahita an'ireo teny mba haneho an'izany. Ary voasoratra ao amin'ny Baiboly hoe, "Sady izay koa, satria hendry ny mpitory teny, dia nizaha izy ary nandamina teny maro." Oh, toy ny ahoana no hitiavanay hanana lela sy voambolana izay ahafahanay manazava amin'ny olona hoe inona marina izany, saingy tsy mety ho hita ao amin'ny molotry ny mety maty izany. Ny Mandrakizay rehetra, mampisalasala ny mba hanambarany an'izany, hoe ahoana fa ilay Andriamanitry ny Lanitra no tonga mihitsy teto an-tany mba hamonjy an'ireo mpanota ory, very, mahantra.

651 Mivavaka Aminao aho, Ray, mba amin'ny alàlan'ireo teny vitsy tsy tapatapaka, na ireo teny tapatapaka izao maraina izao, no tokony nolazaiko, mba hahitan'ny olona iray fiadanana sy fahafaham-po ary fampiononana mafy, dia izay nitady fialofana. Ary enga anie ny fanahin'izy ireo hifikitra amin'io teny fikasana izay nianianan'Andriamanitra io, hoe Izy no hanangana azy ireo amin'ny andro farany. Tànana maro no nitsangana, ato amin'ny tranobe, ato amin'ity tabenakla ity mihitsy. Andriamanitra, omeo azy ireo ilay fanantenana mafy, izao ankehitriny izao. Enga anie izy ireo hifikitra amin'ilay Vatolampin'ireo taona. Tsy mampaninona na ratsy toy ny ahoana aza ny fisavoanan'ny ranomasina ka mety hitsambikina ny sambo kelin'izy ireo, dia manana vatofantsika iray izy ireo, ny teny fikasan'Andriamanitra. Eo no ijanonan'izy ireo hoe, "Andriamanitra no nilaza an'Izany. Tsy afaka mandainga Izy."

652 "Izay mandre Ny Teniko," izay noezahako notoriana izao maraina izao, "ka mino Izay naniraka Ahy, Jehovah, no manana Fiainana mandrakizay; ka tsy ho tonga amin'ny Fitsarana, fa efa tafafindra avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana."

653 O ry Anankiray Mandrakizay, tahio izy ireo androany. Ary enga anie ny olona rehetra ato izay tsy eo ambanin'ilay Rà, tsy mbola niova fo mihitsy ny fanahiny, enga anie izany hitranga izao ankehitriny izao, Tompo. Ianao no manao ny zava-miafina. Anao daholo izany. Napetraka Taminao izany. Mivavaka aho mba Hanomezanao an'izany ho azy ireo, Fiainana Mandrakizay. Enga anie, indray andro any, eo amin'ilay morona hafa, raha miampita an'ilay lohasaha tsirairay izahay, dia enga anie izahay hihaona any amin'izay tsy hilazan'izy ireo hoe "veloma" intsony.

Indray andro any isika dia ho tonga eo amin'ilay
renirano amin'ny fiafaran'ny fotoana,
Rehefa lasa ireo fisainan'ny alahelo farany;
Hisy olona iray miandry any izay haneho antsika
ny làlana,
Tsy voatery hiampita irery an'i Jordana aho.

Hisy Anankiray any, olona iray miandry izay
haneho ahy ny làlana,
Tsy voatery hiampita an'i Jordana aho . . .

654 Ny rehetra izay manana an'izany fanantenana izany, dia atsangano ny tànanareo ankehitriny raha manatraka ny lohanareo ianareo.

Izaho tsy voatery . . .

Manompoa Azy fotsiny ankehitriny. Tapitra ny hafatra. Tsy faly ve ianareo? Nianiana Andriamanitra fa Izy dia tsy . . . Andriamanitra dia nianiana fa hihaona aminareo any Izy.

Maty Jesosy mba hanao fanaovam-panavotana ho
an'ny fahotako rehetra;
Rehefa ao amin'ny aizina aho . . .

Inona no lazainareo? Lasa ilay fanindronana.

Hiandry ahy Izy,
Tsy voatery hiampita irery an'i Jordana aho.

Matetika aho no nafoy, sy sasatra . . .

Manompoa Azy fotsiny ankehitriny.

Toy ny hoe lasa ireo sakaizako rehetra;

Efa tonga teo amin'izany toerana izany ve ianareo?

Fa misy fisainana iray izay mankahery ahy.

Inona ilay teny fikasana?

Manao ny foko ho sambatra,
Tsy voatery hiampita an'i Jordana aho . . .

655 Ankehitriny, ry zanaky ny teny fikasana, manompoa Azy fotsiny nohon'ny fanaovana an'izany.

Tsy voatery hiampita irery an'i Jordana aho,
Maty Jesosy mba hanao fanaovam-panavotana ny
fahotako rehetra;

Inona no mitranga ankehitriny?

Rehefa mahita ny aizina aho, dia hiandry ahy Izy,
Tsy voatery hiampita irery an'i Jordana aho.

"Rehefa tonga eo amin'ilay renirano aho . . ." Ho tonga ny tsirairay avy aminareo. Hisy aloka goavana, maizina iray mipetraka any eo alohanareo. Varavarana goavana iray izany. Hiditra ao ianareo, indray andro any, angamba alohan'ny hifaranan'ny andro, angamba alohan'ny hikatonan'ny fiangonana izao maraina izao. Hiditra ao ianareo. Isaky ny mitempo io fo io, dia eo amin'ny dingana iray manakaiky kokoa ianareo.

Fa rehefa mahita ny aizina aho, dia hiandry eo Izy,

Izy no nilaza fa hiandry Izy. Izy no nianiana fa hiandry Izy.

Noho izany dia tsy voatery hiampita irery an'i Jordana aho.

656 O Tompo Finaritra, feno ny fonay, izao maraina izao, mba tondraka.

657 Ny mieritreritra fa rehefa mitsahatra ny fitempo, ka manamboatra an'ilay ondana manodidina ny lohanareo ilay mpampivelona. Ary ny tànanareo, tsy afaka mihetsika intsony ianareo. Mivadika ho gilasy ny tànanareo. Ireo zanakareo, ny reninareo, ireo malalanareo dia hikiakiaka sy hitomany. Hisokatra ilay varavarana goavana, any. Hiandry Izy.

658 Hoy i Davida hoe, "Raha manao ny fandriako ao amin'ny helo aho, dia ho any Izy." Tsy voatery hiampita irery an'izany aho. Rehefa manomboka mifafy eo amin'ny tarehintsika ireo pitipitipiky ny renirano, dia hitondra an'ilay lakan'aina Andriamanitra, hitari-dàlana antsika avy hatrany hiampita an'izany. Izy no nampanantena fa Hataony izany. Hoy i Davida mpaminany hoe, "Hia, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny ratsy aho. Ianao no miaraka amiko. Ny Tsora-kazonao sy ny Tehinao, no mampahery ahy."

659 Tompo, tena sambatra izahay androany, fa nampidirina ho mpandova ny teny fikasana izahay. Androany dia manana ny Fiainana Mandrakizay ao anatinay izahay, satria tianay ny Tompo Jesosy ary efa nino Azy, sy nanaiky Ny Teniny ary ny Fampianarany. Ary Izy no nanome anay, ho tombokasen'ny finoanay, ny Fanahy Masina, ny tombokasen'ny Fanahy Masina. Mifikitra ny finoanay ao anatinay. Na dia mandeha mamaky an'ireo aloka maizina aza izahay matetika, tafintohina matetika izahay eran'ny làlana, fa mbola mihazona foana ny vatofantsikay. Misy zavatra ao anatiny, any lavitra any, izay toy ny manohy mitari-dàlana anay, manao hoe, "Manohiza. Mandroso isika."

660 Andriamanitra, tahio izahay. Mila Anao izahay. Hazony izahay mba hahatoky sy marina mandra-pahatongan'ny fotoana Hahatongavanao ho anay, hidera Anao izahay mandritr'ireo taona tsy manam-pitsaharana. Ary amin'izany andro izany rehefa mitsangana eto an-tany izahay . . . Tsy mbola nikasika ny tany mihitsy ireo Tongony voatahy. Mitsangana eo Izy, eny amin'ny habakabaka; ary ireo olo-masina sy navotana avy tamin'ny taona rehetra, nandritry ny fiambenana rehetra, ny voalohany, faharoa, fahatelo, fahefatra, fahadimy, fahenina, ary fahafito, ny rehetra dia hitsangana any mitafy ny Fahamarinany; izahay no hampisalotra Azy ho Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo, ka hihira an'ireo tantaram-panavotana. Hangovitra ny fonay mahantra raha mijery Azy Izay nitia anay sy nanolotra ny Tenany ho anay. Fony izahay mbola tsy azo notiavina sy mpanota, dia maty Kristy mba hahatonga anay ho voavonjy. Misaotra Anao izahay ny amin'izany, Ray, amin'ny Anaran'i Kristy. Amena.

661 Tianareo ve Izy? Oh, tena misy toy ny ahoana Izy. Tsy mahatsapa fotsiny ve ianareo fa toy ny hoe te-hametraka mihitsy ny sandrinareo fotsiny manodidina Azy ianareo? Tsy ho tianareo fotsiny ve ny handady ka hikasika ny Tongony, fantatrareo?

662 Fantatrareo, nisy olona sasany taloha tonga tao amin'ireo fivoriako tany Phoenix, Arizona, nanao hoe, "Tiako ny hiresaka an'izany miaraka Aminy. Tiako ny hilaza hoe, 'Tompo, nitia ahy Ianao rehefa lasa tena maizina ny làlako.'" Ho tiako fotsiny ny hiresaka an'izany miaraka Aminy alohan'ny hiampitantsika. Izaho—te-hahita Azy aho. Izaho—izaho—te-hahita Azy fotsiny aho. Ny mieritreritra hoe toy ny ahoana no ho tsapako, toy ny ahoana no hangovitan'ny foko mahantra rehefa mahita Azy mitsangana any aho.

663 Nanontany aho mazàna hoe, "Maniry aho ny ahafahako handre an'io Feo io manao hoe, 'Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana. Izaho no hanome anareo fitsaharana.'"

664 Tsy handre an'izany ara-bakiteny tahaka ny Nitenenany azy tamin'izany fotoana izany angamba aho, saingy te-handre Azy aho manao hoe, "Izao no andro farany. Tsara izany, ry mpanompoko tsara sy mahatoky, ankehitriny dia midira amin'ny fifalian'ny Tompo izay nomanina ho anao." Hatramin'ny oviana?

665 "Hatramin'ny naha-voavonjy anao ve?" Tsia rahalahy.

666 "Hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa nahita anao Aho ka nahafantatra anao mialoha, ary nanendry anao ho amin'ny Fiainana Mandrakizay," efa voatahy ianareo tamin'izany. "Izay rehetra Fantany mialoha, no Nantsoiny." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Izay rehetra Nantsoiny, no Nohamarininy. Ireo izay Nohamarininy, no efa Nomeny voninahitra." Eo ianareo

izao. Efa nahafantatra antsika mialoha Izy, niantso antsika, nanamarina antsika, ary efa nomena voninahitra niaraka Taminy isika, amin'ny faran'izao tontolo izao, dia handeha ho an'ny amin'ny valisoantsika. Tsy sambatra ve ianareo? ["Amena."] Azo antoka, hanao anareo ho tia Azy izany. Rehefa tsy afaka nanampy ny tenanareo ianareo, dia indro Izy tonga ary nanao an'izany ho anareo.

667 *Isaorana Anie Ilay Tady Izay Mamatotra,* Ranabavy Gertie. "Ny fontsika ao amin'ny fitiavana Kristiana," raha mbola manana an'ity fiombonana kely an'ny fanompoana eto ity isika ankehitriny, avy eo dia hivavaka ho an'ny marary isika. Andriamanitra hitahy anareo. Ianareo izay nanangana ny tànanareo ho amin'i Kristy izao maraina izao, mitadiava toerana iray hivavahana, hanompoana Azy.

668 Ankehitriny, ndao isika hanompo Azy fotsiny ankehitriny, amin'ny maha-fiangonana iray, ianareo Metodista rehetra, fiangonan'Andriamanitra, Assemblées de Dieu, Presbyterana, Loterana, Katolika. Ny rehetra miaraka ankehitriny, ndao isika hihira ankehitriny.

Isaorana anie ilay tady izay mamatotra
Ny fontsika ao amin'ny fitiavana Kristiana;
Ny fiombonan'ny fisainam-pihavanana
Dia tahaka an'ilay any Ambony.

Eo anoloan'ny seza fiandrianan'ny Raintsika,
No androtsahantsika ny fivavahantsika miredareda;
Ny tahotsika, ny fanantenantsika, ny fikasantsika, dia iray,
Ny fiononantsika sy ny fiahiantsika.

Rehefa misaraka isika,
Dia manome antsika fanaintainana anaty izany;
Saingy mbola hifandray foana isika ao . . .

Metodista firy, Batista, sy ny rehetra?

Ary manantena ny hihaona indray.

669 Tsy manao anareo ho tsara ve izany? Ndao isika hitodika ka hifandray tànana amin'ny hafa ankehitriny, raha mbola hihira an'izany indray.

Eo anoloan'ny . . .

Raiso tànana, ny olona iray aorianareo, eo alohanareo, amin'ny lafiny rehetra.

. . . seza fiandrianana,
No androtsahantsika ny fivavahantsika miredareda;
Ireo fiononantsika sy ny fiahiantsika.

Ankehitriny raha misaraka isika,

Hifankatia isika.

Izany no manome . . .

Maniry ny hitohizan'ny fivoriana ve ianareo? Hitanareo? Tahaka an'izany no heverintsika.

> . . . fanaintainana anaty;
> Saingy mbola hifandray am-po isika (ho iray),
> Ary manantena ny hihaona indray.

Raha tsy eto intsony, dia amin'io Andro malaza io no hihaonantsika.

670 Ankehitriny, Ray, raiso ny fanompoanay izao maraina izao. Raiso ny Teny ka amboleo ao anatin'ny fon'ireo mpino Izany. Enga anie izy ireo tsy hihilangilana fotsiny, ka androany ambony ary rahampitso ambany, fa enga anie ireo Teny ireo hahita ny toeram-pitsaharany ao am-pon'ny mpino tsirairay. Ny mahafantatra an'izao, hoe, "Andriamanitra dia efa nianiana tamin'ny fianianana iray, ary misy zavatra roa tsy miova. Ny tsi-fiovan'Andriamanitra, izany hoe, hoe tsy Azony atao ny mandainga, mba ahafahan'ireo mpandova an'izao famonjena izao hahazo an'io fanantenana mahery, mafy ary azo antoka io, vatofantsika iray ao amin'ny aina." Ny mahafantatra an'izao, hoe, "Andriamanitra no nampanantena anay, tamin'ny fianianana iray nianianana. Ny anankiray, dia hoe tsy afaka mandainga Izy; ilay iray hafa, dia nianiana fianianana iray Izy teo an-tampon'izany, hoe Izy no hanangana anay amin'ny andro farany sy hanome anay Fiainana Mandrakizay." Mahafantatra, fa, "Rehefa avy nantsoina izahay, dia Izy no nilaza fa efa nahafantatra anay Izy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary nifidy anay mialoha ho amin'ny fananganan-anaka tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Ary Izy no nahafantatra anay mialoha. Izy no niantso anay. Ary rehefa niantso anay Izy, dia nanamarina anay Izy." Tsy afaka manamarina ny tenanay izahay, noho izany dia Izy no nanamarina anay tamin'ny alàlan'ny fahafatesan'Ny Zanany manokana. "Ireo izay Nohamarininy, no efa Nomeny voninahitra." Efa voateny ny Teny. Ary eo amin'ny làlanay fotsiny izahay, mandroso, mifaly eo amin'ny làlanay mankany amin'ny Voninahitra.

671 Omeo finoana ny olona, ary enga anie ireo fahazarana kely sy ny sisa izay mihantona eo amin'ny olona, enga anie izy ireny hiendaka amin'izy ireo, izao maraina izao, miaraka amin'ity Tenin'Andriamanitra ity izay vatofantsiky ny aina, mafy ary azo antoka. Enga anie izy ireo hiendaka amin'ny fahazarany, ireo fahatezerana keliny. Ary ireo zavatra izay efa . . . Araka ny nolazain'i Paoly, ao amin'ny ampahan'ny hafatra lavidavitra kokoa afaka andro vitsy hoe, "Ndao isika hanaisotra ny vesatra rehetra, sy ny fahotana izay malaky mahazo antsika, mba ahafahantsika mihazakazaka ampaharetana an'ilay hazakazaka izay mipetraka eo anoloantsika;

mijery an'ilay mpanao sy mpanefa ny finoantsika, Jesosy Kristy, Izay nalaim-panahy tamin'ny fomba rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanota." Navela halaim-panahy Izy, saingy tsy nilavo lefona tamin'ny fakam-panahy Izy. Ary alaim-panahy hanota izahay, saingy tsy hilavo lefona mihitsy. Satria ilay Fiainana izay ao anatinay no vatofantsiky ny fitodianay Mandrakizay, ary mihazona an'izany ho masina ao am-ponay izahay.

672 Ankehitriny, dia misy maro no nampahorian'i Satana tamin'ny fahoriana. Eo am-pivavahana ho azy ireo izahay, Ray. Enga anie izy ireo, raha mandalo eo ambanin'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo androany . . . Io Teny sarobidy izay efa voatory io, ny Baiboly no mijoro vavolombelona, ireo Anjelin'Andriamanitra mitsangana akaiky, ary ny Fanahy Masina lehibe, ambonin'ny rehetra, dia mitsangana eto mba hijoro vavolombelona ho an'ny Teny. Ankehitriny, Ray, raha mandalo eo ambanin'ny Tenin'ny fampanantenana izy ireo, izao maraina izao, dia enga anie izy ireo hiala eto ho salama. Hanala an'ireo fitehenany, hiala amin'ireo seza sy—sy ireo fandriana izay andrian'izy ireo, ka ho sitrana fotsiny. Ekeo izany, Tompo. Enga anie izy ireo hiverina amin'ny fivoriana manaraka izay namelàna azy ireo ho avy, na ho any amin'ny fiangonany manokana, hifaly, haneho an'ireo zavatra lehibe izay nataon'i Kristy. Mitandrina an'izao ho an'ny voninahitrao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

673 Tsy maintsy miala tsiny aho ny amin'ny fampanantenana iray izay nataoko, hoe haka ny toko faha-7 isika izao maraina izao, saingy tsy tonga teo amin'izany aho. Ary tsy maintsy mamela fotoana kely isika eto ho—ho an'ity, ho an'ny laharam-bavaka. Ary ankehitriny, rahariva, raha sitraky ny Tompo, dia haka ny toko faha-7 isika, ary hahita hoe Iza io Melkizedeka io. Firy no te-hahafantatra? Oh, ho tonga eo Aminy avy hatrany isika, hahita marina tokoa hoe Iza Izy. Ary ny Soratra no miteny amintsika hoe Iza Izy. Hitanareo?

674 Ary ny Scofield dia nilaza fa izany dia "asam-pisoronana iray." Ahoana no ahafahan'izany ho asam-pisoronana iray, tsy manana fiandohana na fiafarana? Hitanareo, tsy asam-pisoronana iray izany. Lehilahy iray izany, Melkizedeka (Anarana iray), Olona iray.

675 Tahaka ny, tsy hoe tsi-miraharaha, fa ny Siansa Kristiana dia milaza fa ny Fanahy Masina dia "fisainana iray." Nefa ny Baiboly dia nilaza hoe, "Izy, ilay Fanahy Masina." Ary *Izy* dia mpisolo anarana iray. Olona iray izany; fa tsy fisainana iray. Olona iray izany. Izany tokoa.

676 Ary Melkizedeka dia Lehilahy iray, Lehilahy iray Izay tsy nanana fiandohan'andro na fiafaran'ny taona. Izy dia tsy nanana ray na reny, na tantaram-pirazanana. Ary ho hitantsika hoe Iza Izy, raha sitraky ny Tompo, rahariva, amin'ny alàlan'ny Teny.

Tianareo ve Izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh! "Ny Teninao dia fanilon'ny làlako sy ny tongotro." Oh!

677 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, tsy azoko mihitsy Izany." Na izaho koa aza.

678 Fa, indray mandeha, dia nitory teny tany Kentucky aho. Ary tamin'ny sasany tamin'ireo vao tonga, sy Katolika ary maro samihafa, izay mety tsy mahazo hoe ahoana ireo zavatra lalina, manan-karena an'ny Soratra. Efa nitory teo amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra aho. Zazavavy kely iray tsy nikiraro no nitondra . . . Tsy dimy ambin'ny folo taona izy, nanana zaza kely iray, ary tratry ny paralysisa. Hoy aho hoe, "Inona ny olana, ranabavy, amin'ny zazakelinao?"

679 Hoy izy, "Tratry ny fangovitana izy." Tsy fantany hoe inona no ilazana hoe, paralysisa. Tsy fantany hoe inona no iantsoana an'izany.

680 Zavatra kely izay angamba tsy nanao kiraro mihitsy, teo amin'ny fiainany. Malalan'ny lehilahy iray, ny volo lava nitsontsorika. Hoy aho hoe, "Mino ve ianao?"

681 Ary ireo maso kely, volontany toy ny vifotsy dia nijery ahy. Hoy izy hoe, "Hia, tompoko. Azo antoka fa mino aho."

682 Noraisiko ilay zaza kely. Ary raha mbola nivavaka ho azy aho, dia nijanona tsy nangovitra izy. Ah-hah. Ary nivoaka izany, nivoaka.

683 Ny ampitso, dia nihaza vontsira aho, tany amin'ny ilan'ny tendrombohitra iray. Nandre lehilahy vitsivitsy nipetraka teo aho niresaka, nisy tsofa tranainy iray nimonomonona. Ary nitsaitsaika aho. Nihaza vontsira aho. Niresaka mikasika ahy izy ireo, nipetraka teo, nihinam-paraky ary nandrora. Nanidina ireo ravin-kazo, tahaka an'izao. Ary niresaka izy ireo mikasika, ankehitriny, mikasika ny fivoriana tamin'ny hariva talohan'io. Hoy ny iray tamin'izy ireo hoe, "Nahita an'ilay zazakely aho. Nandalo tany aho, aninkeo maraina. Tsy nangovitra izy, na dia androany maraina aza." Hitanareo? Hoy izy, "Tena zava-misy izany." Dia nandrora izy.

684 Ary nanana basy niankina tamin'ny hazo izy ireo, noho izany dia nihevitra aho fa tsaratsara kokoa ho ahy ny mampahafantatra ny tenako. Fantatrareo, izy ireo any dia manana adim-poko, ihany koa. Noho izany, dia nanatona aho. Hoy aho hoe, "Manao ahoana, ry rahalahy."

685 Io lehilahy goavana be io, no toa niresaka, nanana vovom-paraky izy tao am-bavany, tahaka an'*izao*, teo amin'ilay sisiny tahaka an'*izao*, ary tenda goavana, lava. Ary nanao satroka tranainy goavana be izy, nanakona ny tarehiny. Nitodika izy ary nahita ahy. Natsotrany ny tànany ary nalainy io satroka io, nesoriny izany, nanao . . . [Mitelina Rahalahy Branham—Mpand.] Nitelina an'ilay vovom-paraky, nanao hoe, "Manao ahoana,

pasitera." Hitanareo? Eny, tompoko. Ny fanajana. Ary marina izany. Ahoana no mba nahavelona azy tamin'izany, tsy fantatro, fa velona izy.

686 Noho izany, ny ampitso hariva, niverina aho, dia nisy lehilahy iray teo izay te-hiady hevitra kely tamiko. Nandeha tany amin'ny fiangonana iray izy izay tsy mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Noho izany, fiangonana Metodista iray io, White Hill, Kentucky. Noho izany izy—nandeha izy nankany . . . Nitsangana tany ivelany izy. Nanana fanilo iray izy teny an-tànany. Dia hoy izy hoe, "Te-hilaza zavatra iray aho, ry mpitory teny. Tsy afaka manaiky an'Izany fotsiny aho, satria tsy afaka mahita an'Izany aho."

687 Hoy aho hoe, "Tsy afaka mahita an'Izany ianao?"

688 Hoy izy hoe, "Tsia." Hoy izy, "Lehilahy marary iray aho, ny tenako. Saingy," hoy izy, "tsy afaka mahita an'Izany fotsiny aho."

Hoy aho hoe, "Aiza ianao no mipetraka?"

Hoy izy hoe, "Any ambadiky Big Renox any."

Hoy aho hoe, "Eny, ahoana no handehananao hody any an-trano?"

Hoy izy hoe, "Eny, handeha tongotra hody aho."

Hoy aho hoe, "Afaka mahita ny tranonao ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko."

Hoy aho hoe, "Maizina mahatsiravina izao hariva izao, feno rahona ilay izy."

Hoy izy hoe, "Eny."

Hoy aho hoe, "Ahoana no handehananao hody?"

Hoy izy hoe, "Amin'ny alàlan'ity fanilo ity."

Hoy aho hoe, "Tsy maneho hazavana hatrany amin'ilay trano ilay fanilo." Hoy aho hoe, "Ahoana no handehananao?"

Hoy izy hoe, "Oh, mandeha tongotra amin'ny alàlan'ilay fanilo aho."

689 Hoy aho hoe, "Izay ilay izy. Manana ny hazavan'ilay fanilo ianao ankehitriny, ary isaky ny mamindra amin'*ity* làlana ity ianao, dia hanohy haneho ny eo alohanao ilay hazavana. Raha manohy mandeha fotsiny ianao, dia hanohy handeha miaraka aminao ilay hazavana."

690 Ary izany no ataovy izao maraina izao, mila an'i Kristy ianareo, ilay Mpisoronabe lehibe, ilay Mpanelanelana ho an'ny aretinareo, na ny fahararianareo, na ny ainareo. Mety tsy azonareo Izany. Tsy mahazo isika. Fa nodidiana isika mba "Handeha ao amin'ny Hazavana tahaka Azy ao amin'ny Hazavana." Manaova dingana iray ao amin'ilay Hazavana. Ary rehefa manana ny Hazavana miaraka aminareo ianareo, dia ny

Hazavana no hamiratra hatrany amin'ilay andro tanteraka. Izy no hanoro ny làlana eo anoloanareo.

Ary handeha eo amin'ity làlambe tranainy lehibe ity isika,
Hiteny na aiza na aiza halehako hoe,
Aleoko ho Kristiana iray an'ny andro fahiny, Tompo,
Toy izay ny zavatra rehetra izay fantatro.

Efa mba nandre an'izany hira fahiny izany ve ianareo?

Tsy misy toy ny Kristiana iray tamin'ny andro fahiny,
Izay maneho ny fitiavana Kristiana;
Mandeha eo amin'ny làlambe tranainy lehibe isika,
Ka miteny na aiza na aiza alehantsika hoe,
Aleoko ho Kristiana iray an'ny andro fahiny, Tompo,
Toy izay ny zavatra rehetra izay fantatro.

691 Tiako fotsiny izany. Eny àry. Ankehitriny dia hivavaka ho an'ny marary isika. Isika dia tsy . . . Tsy mihambo isika hoe afaka manasitrana ny marary. Raha nihambo isika, dia ho niteny zavatra diso. Ny olona marary tsirairay ato dia efa sitrana. Izany no nolazain'ny Soratra. "Tamin'ny Dian-kapony no nahasitranana antsika." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

692 Ny mpanota tsirairay izay ato, raha sendra misy anankiray, dia efa voavonjy ianareo hatramin'ny nahafatesan'i Jesosy. Fa aza maty eto izay misy ny fanararaotranareo mipetraka eo anoloanareo ianareo, mandeha ao amin'Ny Fanatrehany avy eo dia miezaka ny hanaiky an'Izany. Izany dia natao ho an'ny ankehitriny. Tsy maintsy manaiky an'Izany ianareo izao ankehitriny izao. Raha mandeha any ankoatr'ilay Rà ianareo, amin'izay fotoana izay ianareo dia tsy misy afa-tsy . . . Efa voatsara ianareo, satria voatsara tamin'ny alàlan'ny fomba izay nitondranareo an'ilay Fanaovam-panavotan'i Jesosy Kristy Tompo. Hitanareo? Ianareo dia . . . tsarao eo ny tenanareo.

693 "Noho izany Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, ary tamin'ny Dian-kapony no nahasitranana antsika." Noho izany, dia tsy misy na inona na inona ananako, mba hanasitrana anareo. Tsy misy na inona na inona ananan'ny fiangonana, mba hanasitrana anareo. Ny zavatra tokana izay azonay ivavahana dia ity, hoe ny finoanareo tsy halemy, ka hanatona ny alitara ianareo izao maraina izao mba hanaiky an'i Kristy ho Mpanasitrana anareo, tahaka ny nanekenareo ho Mpamonjinareo. Ary tsy misy mihitsy . . . Andriamanitra dia manao fahagagana. Maneho famantarana lehibe Izy. Jamba, marenina, moana, ny zavatra rehetra, dia sitrana eto amin'ny

tabernakla mihitsy. Fa na misy izany na tsia, dia manaiky an'Izany isika, na ahoana na ahoana. Matetika dia amin'ny alàlan'ny fahitana ireo zavatra ireo.

694 Firy no teto teo amin'ny Alahady telo lasa izay, na efatra, rehefa tonga teo ilay lehilahy, sady jamba no nalemy, na nipetraka tao anatin'ny seza iray niaraka tamin'ny hozatra tsy nifandanja? Ary talohan'ny nialako tany an-trano, dia nahita azy tao anatin'ny fahitana iray aho hoe, "Fa hisy lehilahy iray any, mainty volo, miha-fotsy. Ny vadiny dia vehivavy iray tsara tarehy, eo amin'ny enimpolo taona eo. Ho avy izy ary hitomany," ary hangataka ahy izy. "Ary hiverina ka hivavaka ho an'ny vadiny." Nipetraka teo mihitsy izy.

695 Dia tonga aho. Nilaza tamin'ny sasany tamin'ireo rahalahy eto aho hoe, "Diniho ity."

696 Ary rehefa nidina nankeo amin'ny alitara izahay, dia nivavaka ireo hafa. Rehefa avy nivavaka aho, dia niala lavitra avy hatrany ka niverina teto. Dia nitsangana ny vadiny ka tonga marina tokoa araka ny nolazain'ny Tompo fa haha-izy azy. Nandinika ny olona, mba hahita raha ho tahaka an'izany no hitrangany. Izany dia tsy diso mihitsy. Ary noho izany rehefa nandeha izy . . .

697 Hita, fa lehilahy iray, Dr. Ackerman, any Birdseye, Indiana, no anankiray izay naniraka azy teto; izay Katolika iray, ary ny zananilahy dia pretra iray ao amin'ny monastera any Saint Meinrad. Ary Dr. Ackerman dia mpiara-mihaza amiko, ary izy no naniraka an'ilay lehilahy teto. Ary ny Tompo no naneho tamiko lehilahy iray mainty volo izay haniraka azy, saingy tsy fantatro hoe iza ilay izy.

698 Hoy aho hoe, "Dr. Ackerman ve izany?"

699 Hoy izy hoe, "Izay ilay izy." Hitanareo? Ary tamin'izay fotoana izay ilay lehilahy . . .

700 Hoy aho hoe, "Izany no HOY NY TOMPO HOE." Nanatona aho. Hoy aho hoe, "Tompoko, mitsangàna." Sady jamba no tsy afaka . . . izy . . . Ilay—maty ilay hozatry ny fifandanjana. Tsy afaka mihazona ny tenany mitsangana tahaka an'izao izy. Hitanareo? Efa tahaka an'izany nandritry ny taona maro, efa tany amin-dry Mayo sy ny manodidina rehetra. Dia nivavaka an'ilay vavaka ho azy fotsiny aho, ary nampitsangana azy. Indro izy lasa, nandehandeha nanerana.

701 Voalohany dia hoy izy hoe, "Tsy afaka mahita anao aho." Avy eo dia niantsoantso izy hoe, "Eny. Afaka aho." Lasa nisokatra ny masony teo. Izy dia ortodoksa, ny vadiny Presbyterana.

702 Ny olona sasany dia mihevitra fa "Tsy mihiakiaka ny Presbyterana, sy Ortodoksa." Tokony ho nandre azy ireo ianareo. Azo antoka. Niantsoantso sy nifamihina izy ireo. Niverina ary naka ny sezany misy kodiarana, ka namindra ary nidina ny

tohatra, tahaka ny lehilahy hafa fotsiny, afaka nahita sy niteny sy—sy ny sisa.

703 Nahazo taratasy iray avy taminy aho, na niantso, indray andro. Mino aho, fa Rahalahy Cox no nandeha nankany aminy. Hoy izy, "Nanana fahatsapana nirehitra ny masony." Izany tokoa. Ilay izy dia ny hozatra, maniry ireo hoza-maso ary miverina amin'ny fiainana indray, fantatrareo, ary maka ny toerany. Niala ilay ozona.

704 Raha hamela ny natiora hanao ny làlany ianareo, raha tsy misy na inona na inona manakana ny natiora, amin'izay fotoana izay izy dia—hanana fahefana feno izy. Raha manana fehin-javatra iray ianareo manodidina ny sandrinareo, mampijanona an'ilay fikoriana, dia ho faty ny sandrinareo amin'ny farany. Ankehitriny, satria, ara-boajanahary, dia ho tena tsara izy raha havelanareo hipetraka tsara fotsiny. Fa nisy zavatra nampiato ny natiora. Noho izany, raha tsy afaka mahita an'izany ianareo, dia tsy misy fomba hahazoan'ny dokotera iray azy. Zavatra roa ihany no azony iasana: izay azony jerena, izay azony tsapaina. Izany ilay zavatra tokana izay azony iasana: izay hitany sy izay tsapany.

705 Raha tsy afaka mahita an'izany izy, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy ho ara-panahy izany. Amin'izay fotoana izay dia misy, zavatra tokana ihany no afaka, zavatra anankiray no afaka mitranga; mivavaka isika, dia Kristy no manala an'ilay ozona, mandroaka ny devoly, ary manomboka ho ara-dalàna izany, sitrana. Lasa sitrana, ary izay ihany no misy amin'io. "Handroaka devoly amin'ny anarako izy ireo." Marina ve izany? Teny fikasana iray ho an'ny fiangonana izany. Teny fikasana iray an'ny hery izany. Ilay inona? Izany, izany dia Ny Fanatrehany miaraka amintsika. Ankehitriny, izay manao antsika tsy ho tanteraka izao maraina izao, mba hanao an'ireo zavatra araka ny Nanaovany azy mihitsy, dia satria mbola ao anatin'ilay efitra lamba isika. Hitanareo? Fa manana fihetseham-po iray isika ao izay miteny amintsika hoe, "Oh, eny." Hitanareo?

706 Ary rehefa manaiky ny fahasitrananareo ianareo, tsy mampaninona izay lazain'ilay efitra lamba, ilay izy dia izay nolazain'ny Teny. Hitanareo? Izay ilay izy. Izay ilay izy. Ary ny—ny—ny Teny foana no manapaka mialoha amin'ny zavatra rehetra. Tenin'Andriamanitra Mandrakizay!

707 Jereo i Saraha, maty ny kibony, sivifolo taona, niaina niaraka tamin'ny vadiny hatramin'izy teo amin'ny enina ambin'ny folo na fito ambin'ny folo taona, tsy nanan-janaka; Abrahama, zato taona. Namadika avy hatrany Andriamanitra ka nanome azy ireo an'ilay zazakely. Hitanareo? Satria, nino izy ireo. Izy ireo dia niantso an'ireo zavatra izay tsy nisy, ho toy ny nisy. Midira tahaka an'izany izao maraina izao, ry sakaiza.

708 Ary rahariva, dia manantena isika . . . Raha mitsidika anay ianareo rehetra, dia faly izahay manana anareo eto izao maraina izao. Ary homba anareo anie Andriamanitra. Ary raha eto amin'ny tanàna ianareo mandritry ny hariva, dia ho faly izahay ny hanana anareo rahariva eo amin'ny sisa amin'ity fivoriana ity, ny amin'i Melkizedeka. Noho izany raha tsy eto ianareo, ka manana fiangonana iray anareo manokana, dia mandehana mankany amin'ny fiangonanareo manokana. Izany no—izany no toeran'andraikitrareo. Raha mikambana amin'ny fiangonana iray ianareo, dia mandehana any. Ity dia tabernakla kely iray fotsiny izay iangonanay ato sy hifanaovanay fiombonana. Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo.

709 Ary Ranabavy Gertie dia hitendry ho antsika, *Ilay Mpitsabo Lehibe Dia Akaiky Ankehitriny*. Ary misy hivavahana ve eto? Atsangano ny tànanareo, ireo izay te-hiditra ao amin'ny laharam-bavaka, mba hametraka ny finoanareo amin'i Kristy. Eny àry. Raha hilahatra eo amin'*ity* ilan'ny fiangonana ity ianareo, raha sitrakareo. Ary raha hanisaka kely fotsiny an'ilay seza izy ireo, rahalahy, raha sitrakareo, mba ahafahantsika mahazo efitra kely eo sy ahafahantsika mampandalo an'ireo olona. Mankanesa eto amin'*ity* ilany ity.

710 Ary hivavaka isika ankehitriny, raha mbola mihira isika. Ary hangataka amin'ireo loholona eto aho, avy amin'ny anaram-piangonana rehetra na fiangonana, tsy mampaninona na avy amin'ny inona izy, raha mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ianareo, dia hitsangana miaraka amiko eo ambonin'ity lampihazo ity ve ianareo, mba hivavaka ho an'ny marary? Ho faly izahay hanana anareo. Ny anaram-piangonana rehetra, na tsy anaram-piangonana, na inona na inona ianareo, dia ho faly izahay hanana anareo. Ho avy fotsiny ve ianareo ankehitriny, ho an'ny vavaka? Manatòna ka mitsangàna miaraka amiko.

Rahalahy Neville, raha ho avy miaraka amin'ny diloilo ianao.

Hebreo, Toko Fahenina 3 MAG57-0915M
(Hebrews, Chapter Six 3)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 15 Septambra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org